# *TAON-JOBILY*

Manao ahoana, ry sakaiza. Faly aho ny tonga eto izao hariva izao ary—ary manana an'izao fandraisana tena mahafinaritra izao, ny olona rehetra maniry ny—ny hiditra. Manao ahy hahatsapa ho tena tsara izany.

2 Izaho—tsy nanana fanararaotra betsaka hiresahana aho, na hianarana, na inona na inona, satria ny fivoriako rehetra dia fanasitranana. Noho izany, tiako fotsiny ny miresaka. Fantatry ny rehetra izany. Heveriko fa izaho . . . Nilaza i Mama fa niresaka aho talohan'ny namindrako. Fantatrareo ilay fiteny fahiny mikasika an'izany. Noho izany dia tena faly aho ny mahafantatra fa nanova ny foko Andriamanitra, ka ny resaka dia mikasika Azy. Hitanareo? Ary tiako fotsiny ny ho faty eo am-piresahana mikasika Azy, mihira ny fiderana Azy ary manao an'izay heveriko fa marina.

3 Tsy manam-potoana tena betsaka isika, satria manana ny fotoan'ny fandraisana isika izao hariva izao. Amin'ny Alarobia hariva dia ho fotoan'ny fampianarana, izay hampiarantsika, raha sitrapon'ny Tompo.

4 Ankehitriny, izao hariva izao, mandritry ny fotoana fohy fotsiny, minitra vitsy, raha sitraky ny Tompo, dia maniry aho ny . . . Somary tsy nampoizina ilay izy, fantatrareo, satria ilay izy isan'andro . . . Mino aho fa hoy ny Baiboly hoe, "Mazotoa na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana. Aoka hanaiky ny hanome, na, ho vonona ny hamaly mikasika ny fanantenana izay ao anatinareo." Ary noho izany raha afaka mijoro vavolombelona mikasika ny fanantenana izay mitoetra ato anatiko aho, eny, dia ho fitahiana ho ahy ny miteny aminareo, ary manantena aho fa ho fitahiana ho anareo ny mandray an'izany, ary mahafantatra fa amin'ny alàlan'ny finoanareo dia mifanaraka amin'ilay zavatra iray ihany izany. Ary ilay fanantenana iray ihany izay ato anatiko, no mitoetra ao anatinareo, ary mpiray tanindrazana an'ny Fanjakan'Andriamanitra isika.

5 Faly aho nandre an'ireo fifohazana nambara tao amin'ny fiangonana Metodista any New Albany. Ary tsy reko ilay anankiray mikasika an'i Louisville, fa ianareo angamba no nandre, izay vao avy notenenin-dRahalahy Fleeman tamintsika. Ianareo izay manodidina an'ireny fifohazana ireny, manatreha azy ireny. Mandehana ary aoka ho voaseho miaraka amin'ireo zanak'Andriamanitra ny tenanareo, mba haneho hoe iza no iandaniantsika. Miandany amin'ny Tompo isika, ary te-ho voaseho miaraka amin'ny Olony.

6 Ankehitriny, amin'ny Alarobia hariva, araka ny nolazain-dRahalahy Neville, dia fotoan'ny fampianarana. Heveriko fa manana karazana kilasy fampianarana izy ireo, sa tsy izany, Rahalahy Neville? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Eny."—Mpand.] Tena tsara izany.

7 Ny fampianarana ny Teny dia mihazona foana an'ilay Fiangonana ho voaorina. Isika dia mivelona . . . "Tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona, fa ny Teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." Ary aninkeo maraina dia niresaka isika mikasika ny hoe tsy mety diso io Teny io, ahoana fa tsy maintsy niseho Izany.

8 Ary rehefa avy nihira izy ireo, dia nieritreritra aho hoe, "Eny, inona no holazaiko?" Ary sendra nieritreritra aho hoe, "Izao no voalaza, 'Hanana Tombokase iray eo amin'ny handriny ireo olo-masina rehetra.'" Hitanareo? Rehefa tonga any isika, dia hanana an'ilay Tombokase eo amin'ny handriny ireo olo-masina rehetra.

9 Ary nieritreritra aho, izao hariva izao, hoe hamaky ampahan-tSoratra kely iray avy ao amin'ny Baiboly aho, eto any ho any, ary, ao amin'ny Filazantsara. Ary Jesosy, rehefa avy nanao ny famaranana ny fitenenana Izy, dia hoy Izy hoe, "Anio, izany, ireo teny ireo no *tanteraka*."

10 Ankehitriny, Kristy, tamin'ny Fiandohany, an'ny fiandohan'ny Asam-panompoany; dia teraka, mazava ho azy, teto amin'izao tontolo izao, ho ny Zanak'Andriamanitra. Teraka Izy, Jesosy ilay Tompo, ary avy eo rehefa afaka havaloana, tamin'ny famoràna Azy, dia nomena Izy, ankehitriny, teraka Izy, Kristy ilay Tompo, raha ny marina, ary nomena ny Anarana hoe Jesosy. *Jesosy* dia "Ny Anarany nomena." *Kristy* no "Titrany" an'izay naha-izy Azy. Izy no Kristy, ilay Voahosotr'Andriamanitra, fony Izy teraka.

11 Ary ankehitriny, mahafantatra fa ny fanompoan'ny fandraisana mazàna dia maharitra kely, ka tsy te-hiresaka lava loatra aho, fa ampy hanao tsara fotsiny, an'izay ahatsapantsika fa tonga eto anivontsika ny Fanahin'Andriamanitra, mba hahafahantsika manana an'ireo—ireo fivoriana.

12 Tsarovy ankehitriny ireo fivoriana hafa rehetra izay voalaza, ireo fifohazana hatraiza hatraiza, ny marary sy ny manana ilaina. Vao avy niresaka tamiko izy, efa nitsidika trano iray izy vao teo, izay nisy zazalahy iray, azon'ny demonia, ary te-ho afaka. Ankehitriny, ny Baiboly dia nilaza mba—mba hiarahantsika mivory sy hivavaka ho an'ireo olona ireo.

13 Fantatrareo, avy eo, dia nisy ra—ramatoa kely iray amin'ny anarana hoe Georgie Carter izay sitrana, tamin'ny alàlan'ny fahitana iray, oh, taona maro lasa izay. Dia nesorina niala teo amin'ilay fandriam-pahoriana izy nohon'ny TB; nandry teo valo taona sy sivy volana, tsy nitsangana avy teo am-pandriana akory aza. Ary izaho dia . . . nandeha tany mba hivavaka ho azy.

Ary izaho... Fantatrareo ilay tantara, ahoana fa tsy nino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ilay ray sy reny, ary tsy tongasoa mihitsy aho. Ary te-ho sitrana ilay zazavavy.

14 Avy eo indray andro, tao amin-dry Rahalahy Wright, tany aho nanana ny—ny fotoan'ny batisa iray, ary naniry hatao batisa ilay zazavavy. Ary tsy afaka niala teo am-pandriana izy, mazava ho azy. Tsy nivoaka nandritra ny valo na sivy taona izy.

15 Ary nivavaka tany an-efitra aho, na tany anaty ala. Ary nampaneno an'ilay lakolosy Ranabavy Wright mba hahatongavanay hisakafo hariva. Ary *tena* nivavaka mihitsy aho, ary tena akaiky ny Fanatrehan'i Jesosy Tompontsika, hany ka tsy nahamarika an'ilay lakolosy naneno aho. Ary manomboka niha-maizina ny andro. Ary nahita Hazavana iray aho namirapiratra teo amin'ny kirihitra hazo mafy iray, ary nanao hoe, "Mandehana mankany amin-dry Carter."

16 Rahalahy Wright, niaraka tamiko ianao. [Hoy Rahalahy George Wright hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Ary rehefa tonga tany izahay, izay nolazain'ilay fahitana marina tokoa, dia tahaka an'izany no nitrangan'ilay izy. Ary sitrana teo no ho eo i Georgie, rehefa avy tao anatin'ny fahoriana nandritry ny sivy taona sy valo volana, tsy nihetsika teo am-pandriana. Ary tsy niverina teo am-pandriana intsony izy, araka ny fantatro, raha tsy hoe voan'ny sery izy na zavatra, hatramin'izao.

17 Ary azoko fa marary mafy izy. Rehefa nanao an'ilay fivoriana izahay tany amin-dry Rahalahy Wright teto, talohan'ny nandehanako ho any ampitan-dranomasina, dia tany ilay zazavavy. Ary izaho afaka... Niteny tamin-dRahalahy Wright, rehefa lasa izy, hoe nisy zavatra tao amin'ny Fanahin'ny Tompo nanohy nanery ahy handeha hankany amin'i Georgie. Ary ankehitriny dia reko fa eo amin'ny dingana farany an'ny homamiadana ao amin'ny nono izy. Ary nitolo-batana izy, ny ho faty, ary handeha handroso ka hanaiky ny fahafatesany.

18 Ary nilaza izy fa reny hoe niverina aho, ary, ho tahiana anie ny fony kely, dia nitsangana niala teo am-pandriana izy, ary nilaza... nino fa ho sitrana izy ankehitriny. Noho izany dia finoana betsaka izany, izaho... ny mino fa—fa hihaino ny vavaky ny mety maty Andriamanitra. Noho izany izaho—izaho—tiako i Georgie, tahaka ny anabaviko. Ary tiako ianareo hikambana amiko ao amin'ny vavaka, mba hitehirizan'Andriamanitra ny ainy. Izaho... raha hiteny amiko fotsiny an'izay ho lazaina Izy ankehitriny rehefa tonga any aho.

19 Hafa maro be. Atoa. Wiseheart, Rahalahy Jim Wiseheart izay tonga teto taloha, any amin'ny hopitaly ny zanakalahin'ny rahalahiny. Vao avy niantso izy, voan'ny aretin'i Hodgkin. Ratsy noho ny homamiadana izany, fantatrareo.

20 Ary efa nanana tranga iray an'izany isika sitrana, teto amin'ny tabernakla mihitsy, vao haingana. Tsaroanareo, ilay

tovovavy, nanome azy telopolo andro hahavelomana ilay dokotera; izy dia mpianatry ny sekoly ambony iray izy teto. Ary tonga ny reniny ka nanolotra ny fiainany ho an'i Kristy dia natao batisa, ary ilay zazavavy, ihany koa. Ary hoy izy ireo hoe, "Afeno aminy izany, aza ampahafantarina azy fa ho faty izy." Ary talohan'izany, tonga teo amin'ilay laharana teto, tamin'io maraina io, dia ny Fanahy Masina no nahatratra azy, nahafantatra an'izay nataony, sy ny sisa. Ary sitrana teo no ho eo izy, hany ka tsy afaka nahita pentina iray an'izany akory aza izy ireo. Ary efa teo amin'ny roa na telo taona lasa teo izany. Ary nihaona tamin'ilay zazavavy aho, herintaona lasa teo izay. Heveriko fa manambady izy ankehitriny ary salama tsara mihitsy, tsy nahita an'izany intsony mihitsy.

21 Ankehitriny, afaka manasitrana ny aretin'i Hodgkin Andriamanitra. Tsy manao fahasamihafana izany. "Izaho no Tompo izay manasitrana ny aretinao rehetra." Noho izany dia ndao isika hiresaka Aminy, kely fotsiny, ho an'ny. . . ho an'ireo marary, ary ho an'ny tohin'ny fivoriana.

22 Ankehitriny, Ray any An-danitra tsara fanahy, raha miangona eto amin'ity toerana kely maha-te-ho tia ity izahay, angamba tsy dia tsara loatra amin'ny maso, mba hojerena, fa, Ray, mahatsapa ho tena any an-trano izahay eto, mahafantatra fotsiny fa efa nitahy anay imbetsaka Ianao. Tsapanay, ato amin'ity toerana kely ity, tahaka an'i Jakoba, tamin'io alina io, rehefa avy nandositra ny rahalahiny; dia nahita fahitana iray, nahita an'ireo Anjelin'Andriamanitra niakatra sy nidina teo amin'ny tohatra iray; nanakodia an'ireo vato hiaraka, ka nanao hoe, "Ity no tranon'ny Tompo." Ray, mivavaka aho mba Hitahianao an'ireo izay miangona ato amin'ny tranon'ny Tompo, izao hariva izao, ao Betela.

23 Henoy ny vavakay ho an'ireo izay marary; ilay lehilahy tanora azon'ny demonia izay mitsidika ny rahalahinay.

24 Ary mivavaka ho an'i Georgie kely izahay, Tompo. Andriamanitra, aza avela hitelina azy ny fahafatesana. Efa nitahiry azy Ianao, roa ambin'ny folo, efatra ambin'ny folo taona ankehitriny, ary mivavaka aho mba Hanohizanao. Ianao Izay afaka nanaisotra ny TB niala taminy mihitsy, dia afaka hanaisotra an'ilay homamiadana hiala aminy. Ianao no Andriamanitra. Ary tianay Ianao, Ray, ary mangataka an'izany amin'ny finoana tsy mihozongozona izahay.

25 Ary any amin'ny hopitaly, io lehilahy tanora io, miaramila tanora mandry any, eo am-pahafatesana, lasa ny fanantenana rehetra. Fa, Ray, tao amin'izany karazana ora izany, no Niresahanao tamin'i Paoly, nanao hoe, "Mahereza, ry Paoly." Mitenena indray, Tompo. Mivavaka aho mba Hitehirizanao ny ain'ilay zazalahy. Ekeo izany. Enga anie tsy ho faty

izy, Tompo. Enga anie izy ho velona, mba hisehoan'ny voninahitr'Andriamanitra eo amin'ny fiainany.

26 Ampio izahay, izao hariva izao, ao amin'ny fivoriana ankehitriny. Mamelà ny fahotanay. Tsy manana teny iray ho lazaina, mametraka ny zavatra rehetra eo Aminao izahay, ary mangataka arak'izany mba ho Anao ny voninahitra, fa mangataka an'izany izahay amin'ny Anaran'i Jesosy, Ny Zanakao. Amena.

27 Ankehitriny, tiako fotsiny ny miresaka an'ilay Anankiray izay ivavahantsika eto, ny Tompo Jesosy. Tena tsara amintsika Izy, ary tia Azy isika rehetra. Azoko antoka, izao hariva izao, fa ho izany no lalina indrindra an'ny fontsika, ny mahatsapa fa teo afovoantsika Izy, raha afaka nahita Azy fotsiny isika. Fa eto Izy, hanome antoka anareo an'izany aho. Hoe Ny Fanahiny izay mameno ny tany, ny ranomasina, ary ny lanitra, dia ato amin'ity efitrano malalaka ity miaraka amintsika izao hariva izao. Ary Izy—Izy, isika. . . Ireo fiderantsika dia ankasitrahana eo Imasony, ary Tiany ny ho tompoina.

28 Ankehitriny ho an'ny eritreritra fototra vitsivitsy, mikasika ny hoe nahoana isika no eto. Ny tranon'Andriamanitra dia tranon'ny fanitsiana. Ny lalàna dia mivoaka avy ao amin'ny tranon'Andriamanitra.

29 Ary heveriko, amin'ny fotoana izay iainantsika, ary indrindra ao amin'ireto ora maizina feno aloka ireto, rehefa avy nanao dia aho ka nandinika ny firenena rehetra, dia fanantenana anankiray ihany no mety hitako tavela, ary izany dia ny Fihavian'ny Tompo Jesosy faharoa. Ary azo antoka mihitsy fa ho avy Izy, tahaka ny naha-teto Azy voalohany. Mino an'izany amin'ny foko rehetra aho, amin'ny fiainako rehetra.

30 Satria, Ny Teniny, araka ny hitantsika aninkeo maraina, dia tsy maintsy tanteraka. Fisainan'Andriamanitra voaseho tamin'ny alàlan'Ny Teniny izany, ary nentina ho eo amin'ny zava-misy iray. Nanana an'ilay lohahevitra isika aninkeo maraina, raha vahiny ny sasany hoe, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra." Ankehitriny, ny Teny no fiandohana. Fa talohan'ny naha-Teny iray Azy; ny—ny Teny iray dia fisainana iray voaseho. Tsy maintsy nieritreritra an'Izany Andriamanitra talohan'ny Nahafahany nanao Azy ho Teny iray. Avy eo dia Notenening ilay Teny, ary lasa nivaingana Izany.

31 Ankehitriny, ilay Anankiray ihany izay naniraka ny Tompo Jesosy teto, tamin'ny alàlan'ny Teniny Voateny, dia lasa nivaingana Izany ary lasa Zanak'Andriamanitra; maty, tahaka ny tsy manan-tsiny iray ho an'ilay meloka, mba hanavotra antsika indray hiombonana amin'Andriamanitra. Mba ahafahantsika, izay vahiny tamin'Andriamanitra fahiny, afaka ho entina akaikin'Andriamanitra ankehitriny, tamin'ny

alàlan'ny fanolorana ny Ràn'ilay Zanak'Andriamanitra marina. Azo antoka mihitsy tahaka ny nahatongavan'i Jesosy voalohany, amin'ny maha-Mpanavotra iray, no Hihaviany fanindroany amin'ny maha Mpampakatra iray. Izy—Izy—ho avy Izy.

32 Ary, na dia, imbetsaka aza isika no mieritreritra hoe, "Eny, ny . . . Oh, efa ela be izany. Ary nandritry ny taona maro no nieritreretantsika an'izany." Izany no noeritreretin'izy ireo talohan'Ny Fihaviany voalohany. Ary tsy maintsy mieritreritra an'ilay zavatra iray ihany izy ireo amin'ny Fihaviany faharoa. Satria, nilaza ny Baiboly fa izy ireo dia hanao hoe, "Tsy misy fahasamihafana noho ny tamin'ny fotoana nodian'ireo razantsika nandry." Fa amin'ny ora izay tsy eritreretinareo, no hitranga izany. Mety antsika ankehitriny . . .

33 Eto Amerika, amin'ny maha-Kristiana Amerikana, dia hitaky zavatra betsaka eo an-tànantsika Andriamanitra, satria manana ny Hazavan'ny Filazantsara marina isika nefa diso amin'ny fampiasana Azy arak'izay tokony hanaovantsika an'izany. Noho izany, izao hariva izao, dia te-hiresaka amin'ny Kristiana aho, mikasika ny hoe ahoana no ahafahanareo mandà ny fotoan'ny fibebahana ho anareo; ary ahoana fa afaka ny ho voaisy marika tanteraka tokoa ianareo, tsy manana anjara amin'i Kristy, nohon'ny fanaovana an'ilay safidy ratsy.

34 Ankehitriny, somary henjana kely ireo zavatra ireo. Saingy tsy maintsy ho henjana izany, matetitetika, mba—mba hanao antsika hankasitraka ny Tompo Jesosy.

35 Nihaona tamiko ny rahalahy iray, androany, raha nivoaka aho, ka hoy izy hoe, "Rahalahy Branham . . . " Olana ara-bola no nanavesatra ny fony. Hoy izy hoe, "Rehefa avy nandre nikasika an'ireo olona any Inde, sy ny sisa," hoy izy, "kanefa amin'ny fotoana rehetra . . . " Hoy izy, "Manana fahasalamana tsara aho, ary, fa ny zavatra rehetra dia manapoaka ahy isan'andro."

36 Hoy aho hoe, "'Ny zanaka rehetra izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy faizin'Andriamanitra.'"

37 Ny tsirairay avy, dia tsy maintsy zahan-toetra fotsiny isika; mandalo eo amintsika ny karavasin'Andriamanitra, na toa tsy manan-tsiny aza. Manao an'izany Andriamanitra mba hanaporofoina fa zanaka isika. "Ireo izay tsy afaka mahatanty famaizana dia zanaka tsy ara-dalàna," na tsy zanak'Andriamanitra marina. Fa ilay lehilahy na vehivavy izay afaka mahatanty sy mandray ny karavasiny, ary ny zavatra rehetra lasa tsy mety, dia mbola miandrandra foana ka manao hoe, "Tompo, tiako Ianao," izany ilay anankiray. Izany hoe, "Izy—izay maharitra hatramin'ny farany, dia izany no hovonjena." Ankehitriny, tiako izany, ary ianareo?

38 "Ary mahafantatra an'izao, hoe ny fahoriana mahatonga faharetana; ny faharetana mahatonga fanantenana; ny fanantenana tsy mampahamenatra." Eo ianareo izao. Hitanareo?

“Ny fahoriana mahatonga faharetana.” Maharitra. “Ary ny fanantenana tsy mampahamenatra.” Ary manana ny fanantenana isika, izao hariva izao. Amin’ny fahoriantsika rehetra, kanefa, miasa izany. Ny fahoriana no manao antsika haharitra, miandry ny Fihavian’ny Tompo.

39 “Rehefa ho voaseho fanindroany avy any An-danitra Izy, amin’ny voninahitra sy fiandrianana, dia hamoaka an’ireo maty ao aminy ny ranomasina. Ireo vatana mety lò an’ireo nodimandry, ao Aminy, dia hovaina ka hatao tahaka ny Vatany Manokana be voninahitra, izay Ahafahany mampanaiky ny zavatra rehetra ho an’ny Tenany.” Ary inona isika, izao hariva izao, afa-tsy ny ho Kristiana sambatra, mifaly, miandry an’io andro lehibe an’ny Fihavian’ny Tompo io.

Jesosy, eto, miresaka indray mikasika ny Teny.

40 Vao teo, dia nisy rahalahy iray maha-te-ho tia tonga nijery ahy fotoana vitsy, mety ho ato amin’ny tranobe izy ankehitriny, tsy mahita azy aho, fa hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, mankasitraka ny Teny aho.” Izany ilay izy, ny Teny! Voaorina ny Teny. Izany no zavatra izay . . . Tsy afaka hanana finoana fotsiny eo amin’ny zavatra izay nolazain’ny olona iray ianareo. Tsy maintsy manana fototra iray izany. Ary inona no ho fototra hafa lehibe kokoa noho ny Tenin’Andriamanitra? Nefa, ny lanitra sy ny tany rehetra ho levona, fa Ny Teniny dia tsy misy farany mihitsy tahaka ny Mandrakizay. Handroso hatrany sy hatrany ary hatrany Izany, tsy hiova mandrakizay Izany. Mariho, Jesosy . . .

41 Satria tsy maintsy mandeha haingana ao amin’ny lahateny avy hatrany isika ankehitriny, nohon’ny fotoan’ny fandraisana. Ary anjarantsika izany. Ny lehilahy tsirairay ankehitriny, na vehivavy, zazalahy na zazavavy, izay miantso ny Anaran’i Jesosy, amboary ny fonareo ankehitriny, ho an’ny fiomanana ho an’ny sakafo harivan’ny Tompo. Oh, zavatra mahafinaritra iray izany. Hoy Andriamanitra, hoy Jesosy Kristy hoe, “Raha ianareo . . . Izay mihinana ny Nofoko, misotro Ny Ràko, no manana Fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin’ny andro farany. Ary izay tsy mihinana, dia tsy manana anjara Amiko. Ary izay mihinana sy misotro amin’ny tsy fahamendrehana, dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an’ny tenany.” Fotoana iray toy ny inona! Ankehitriny dia ndao isika hiomana ho an’izany hetsika lehibe, be voninahitra izany, afaka fotoana fohy. Ny iray amin’ny lehibe indrindra izay, heveriko, ananantsika ato amin’ny tabernakla, dia ny fandraisana hariva.

42 Ankehitriny, tamin’ireo andro voalohan’ny asam-panompoan’ny Tompontsika teto, dia tonga tao Kapernaomy Izy, heveriko, indray. “Ary nipetraka Izy, tamin’ny Sabata, tao an-tempoly. Ary natolotry ny mpikarakara ny tempoly Azy ny horonana mba ho vakiana.”

43 Raha mahamarika ianareo, dia manana ny sasany amin'ireo fanao iray ihany isika. Jesosy, namaky ny Soratra Izy, avy eo dia nanorina ny Fampianarany teo amin'ny Soratra. Nifanohitra tamin'izay noheverin'ny vahoaka Jiosy ho naha-izy azy izany indraindray, saingy, kanefa, iza no afaka—iza no afaka hiampanga Azy? Izy no Tompon'ny Voninahitra.

44 Ary namaky Tao Izy izay nilazan'i Isaia hoe:

> Izy no nanosotra ahy *hitory ny taona ankasitrahan'ny Tompo*.

45 Ary avy eo rehefa nanao an'izany Izy, dia Nakatony, ary nahorony ilay horonana, ka napetrany izany; nitodika nankany amin'ny vahoaka, ka nanao hoe:

> *Amin'ity andro ity* no *tanteraka* eo anatrehanareo *izany* teny izany.

46 Ankehitriny, Isaia, an-jatony taona maro, angamba teo anelanelan'ny dimy sy valonjato taona talohan'io ilay izy, dia naminany teo ambanin'ny tsindrimandry, fa Kristy, rehefa tonga Izy, dia Izy no ho voahosotra "hitory ny taona ankasitrahan'ny Tompo." Noho izany dia tsy maintsy lasa tahaka an'izany marina tokoa ilay izy, satria Andriamanitra, tamin'ny alàlan'ny Mpaminaniny, no niteny Ny Teniny, ka tsy maintsy miseho Ny Teniny.

47 Araka ny nananantsika aninkeo maraina, mikasika an'i Isaia, hoe ny vahoaka . . . Na dia nanao asa lehibe maro teo anatrehan'izy ireo aza Jesosy, kanefa, tsy nety nino izy ireo, satria hoy Isaia hoe, "Iza no nino ny teny nampitondraina anay? Iza no nanehoana ny sandrin'ny Tompo?" Hoy izy hoe, "Manan-tsofina izy ireo fa tsy mandre, ary mana-maso izy ireo fa tsy mahita. Ary fandrao hiova fo izy ireo." Satria nilaza an'izany i Isaia, noho izany ny olona dia tsy afaka nahazo an'ireo fahagagana sy ny sisa izay nataon'i Jesosy teo anatrehan'izy ireo. Fantatrareo ve, fa io faminaniana iray ihany io . . . ?

48 Mariho, fa miverimberina ny faminaniana. Efa fantatrareo ve fa miverimberina ny Tenin'Andriamanitra, mandeha amin'ny fihodinana? Ohatra, indray mandeha ao amin'ny Soratra, namaky tao aho, ary niezaka namaky teny iray teo amin'ny sisiny, nanerana ny Baiboly rehetra, izay nilazany ao amin'ny Is- . . . ao amin'ny Matio, ny toko faha-2, izay, na, toko faha-1, mino aho, nanao hoe, izay tanteraka tamin'ny Tompo, tamin'ny alàlan'ny mpaminany hoe, "Avy tany Egypta no Niantsoako Ny Zanako," miresaka mikasika an'i Jesosy nantsoina avy tany Egypta. Izany koa dia nanondro, rehefa niantso an'i Isiraely Andriamanitra, satria Zanany i Isiraely. Ary ny Soratra izay izy ireo . . . tondroin'i Matio, dia ilay tena Soratra izay Niantsoany ny Zanany mihitsy, Isiraely, avy tany Egypta, niantso Ny Zanany koa Izy, Jesosy, avy tany Egypta. Hitanareo?

49 Ary ireto Soratra ireto, izao hariva izao, izay vakiantsika Ato, dia tanteraka indray amin'ny andron'ireo Jentilisa. "Manamaso izy ireo fa tsy mahita. Manan-tsofina izy ireo fa tsy mandre." Ary Andriamanitra dia manao fahagagana sy famantarana ary zava-mahagaga, fa manakimpy tsotra izao ny masony amin'izany fotsiny ny olona, satria ny faminaniana dia efa nilaza fa ho tahaka an'izany ilay izy.

50 Ankehitriny, Jesosy dia naminaniana, tamin'ny alàlan'i Isaia, "mba hitory ny taona ankasitrahana." Izany no tiantsika hodinihina, izao hariva izao, ankehitriny. Ankehitriny, ny *taona ankasitrahana*, dia izao, hoe tao, nandritry ny fotoana teo anelanelan'ny taona *maro be*, ny *taona ankasitrahana* dia ny taona antsoina hoe, ao amin'ny Soratra Taloha, "ny taon-jobily." Izany dia tonga isaky . . . Mino aho fa izany dia na . . . Isaky ny fito taona dia nisy taon-jobily iray.

51 Ary isaky ny fito taona dia namela ny tany hiala sasatra izy ireo. Tsy namboly voa teo aminy izy ireo, na tsia . . . tsy namboly vokatra. Navelany ny vokatr'izy ireo, tany an-tsaha, hiala sasatra, isaky ny fito taona; ary nisy jobily iray tamin'io fotoana io.

52 Ary isaky ny nisy andevo iray izay namidy, na Hebreo iray, lehilahy iray izay nivarotra ny zanany ho andevo . . .

53 Ankehitriny, toy ny hoe zavatra iray mahatsiravina izany, saingy nitsangana aho alina vitsy lasa izay ary nandinika an'ilay zavatra iray ihany niseho. Rehefa, nentin'ireo lehilahy ireo zananivavy, ireo vehivavy tanora, dia napetrany tao amin'ny tsenan'andevo izy ireo, ary naboridany izy ireo, ary namidiny teo mba ho andevo. Ny iray tamin'ireo lehilahy izay tao, tsy tao amin'ny vondronay, fa nikambana taminay tany, dia nividy ramatoa tanora iray maha-te-ho tia, tamin'ny vola dimy amby telopolo dolara, ary nahazo ta—taratasy ara-dalàna, tahaka ny ahazoanareo taratasy ho an'ny fiara iray mihitsy. Ny sasany namidy folo dolara. Ny sasany dia nomena fotsiny. Ary ahoana fa, ao amin'ny toerana rehetra izay tsy anajana ny Anaran'i Jesosy Kristy, dia lasa mihoatra noho ny biby ny olombelona sy ny vehivavy.

54 Ary ahoana no tokony hiderantsika an'Andriamanitra nohon'ny firenena izay iainantsika, noho ireo fitondran-tena sy ny sisa. Mahamenatra toy ny ahoana ny itondrantsika an'ireo zavatra izay tena ananantsika, ireo fahalalahana avy amin'Andriamanitra.

55 Ankehitriny, nivarotra andevo izy ireo. Noho izany ity—ity zazavavy eto ity, ankehitriny, dia afaka mivoaka sy ho vady iray, na mety ho mpanompovavy iray. Amidin'izy ireo izy; jereny ireo nifiny, jereny hoe matanjaka toy ny ahoana izy, na afaka miasa izy na tsia, na virijiny izy na tsia, sy ny sisa. Ary afaka mividy azy ireo ianareo, mahazo betsaka arak'izay tianareo, betsaka

arak'izay azonareo karakaraina, betsaka arak'izay azonareo aloa.

56 Ary, ankehitriny, ilay zavatra iray ihany no nisy tamin'ny andron'ny Tompo, rehefa naka andevo iray izy ireo ka nivarotra azy. Avy eo, isaky ny fito taona dia nisy taon-jobily iray tonga. Ankehitriny, fotoana iray lehibe izany, ary misy dikany lehibe ho an'ny olon'izao andro izao. Fotoana lehibe!

57 Ankehitriny, ireo andevo dia ho tany amin'ny saha, na taiza na taiza nisy azy ireo, niasa, ary noho izany dia mety niforitra teo ambanin'ny enta-mavesatry ny mpampiasa, ilay tompony. Ary izy dia tompo feno sy tompo eo amin'izy ireo, satria nanana taratasy ara-dalàna izy izay naneho fa azy io andevo io. Nentiny tahaka ny soavaly iray izy, na izay tiany hatao. Andevony izy.

58 Saingy, avy eo, isaky ny fito taona, izany no lalàn'Andriamanitra, hoe nisy taon-jobily iray. Ary rehefa tonga io taon-jobily io, amin'izay fotoana izay dia nandeha nanerana ny firenena ny mpisorona, ary nitsoka ny trompetra, ka ny andevo tsirairay izay novidiana tamin'ny vidiny iray, ary lasa mpanompo iray, dia nomena tombontsoa ho lasa afaka, miverina any an-trano indray, miverina any amin'ireo malalany. Navotana indray izy, nohon'ny fahasoavana. Tsy nila nandoa na inona na inona izy. Tsy nila nandoa na inona na inona ireo malalany. Hetsik'Andriamanitra iray izany. Kisarisary iray tsara tarehy toy ny inona!

59 Amin'izao andro izao, hoe ireo lehilahy sy vehivavy, ato amin'ny firenentsika sy any an-kafa hatraiza hatraiza, dia nivarotra ny tenany ho an'ny fahotana, fisotroana, filokana, filalaovan-dratsy, manao an'ireo zavatra izay tsy tokony ataon'izy ireo, ary lasa andevon'ny devoly. Ny sasany . . .

60 Nihaona tamin'ny ramatoa tanora iray aho, teto vao tsy ela akory izay. Hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, hanome ny zavatra rehetra aho raha afaka manapaka an'ity fatotry ny whisky ity." Hoy izy hoe, "Nanomboka aho fony aho zazavavy kely iray, niaraka tamin'ny zazalahy iray izay nisotro. Nanomboka nampifangaro zava-pisotro izahay, ary lasa andevo tanteraka amin'izany aho. Raha tsy mahazo an'izany aho," hoy izy, "dia lasa adala fotsiny. Raha afaka miala amin'izany fotsiny mantsy aho!"

61 Hoy aho hoe, "Tsy afaka manao an'izany samirery ianao, fa mahafantatra Olona iray aho Izay afaka manapaka an'izany ho anao. Tonga mba hanao anao ho afaka Jesosy Kristy Tompo."

62 Ankehitriny, raha hahamarika ianareo, ao amin'ny maripamantarana, dia miverina indray ankehitriny io taon-jobily io. Isaky ny misy fifohazana mamely ny tany; izao fotsiny, ilay fifohazana Gallois lehibe, nifarana izany vao tsy ela akory izay. Ny olona . . .mety handeha isika ary hanana an'ireo Billy Grahams sy ireo Oral Robertses manerana ny firenena, hatraiza

hatraiza. Ary tsy mampaninona na impiry no iezahantsika, lehibe toy ny ahoana no ezahantsika handaminana ny olontsika miaraka, sy hamatotra azy ireo, dia mila an'Andriamanitra ny mitondra fifohazana iray. Tsy mampaninona . . .

63 Miezaka isika ny hanana rafi-pandaminan'ny Christian Business Men iray. Tsara izany. Ankehitriny dia miezaka izy ireo ny hanana fi—fikambanan'ny mpitoriteny iraisan'ny anarampiangonana iray. Tsara daholo izany. Saingy, rahalahy, raha mbola olona foana izany, dia tsy hidika na inona na inona mihitsy. Fa mila ny Fanahin'Andriamanitra izany handehanana eo anivon'ny olona!

64 Ankehitriny tao amin'io fifohazana Gallois lehibe izay nanomboka io, dia fotoan-jobily iray ho an'ny vahoaka Gallois izany. Teo no nanomboka, andian'olona tsy mahay mamaky teny fotsiny, nitory ny Filazantsara fotsiny. Ary nanomboka nilatsaka ny hery sy ny voninahitr'Andriamanitra, hany ka nandeha niasa ireo lehilahy mpandraharaha ary nipetraka teo amin'ny biraony, ka nitomany tahaka ny zazakely, ary namarana ny fivo- . . . ny raharahany. Nipetraka teo ambonin'ny angadiny na niasa tany ireo mpamboly teny an-tsaha. Nampitsahatra ny ekipany izy ireo ka nivoaka teny an-tsaha, mpanota iringiriny, ary nanangana ny tànany tamin'Andriamanitra, ka niantsoantso famindrampo. Nandeha teny an-dàlana ny olona, ary hatraiza hatraiza. Nanomboka nitsoka ny kiririoka, sy ny zavatra hafa rehetra. Nandeha ny fifohazana iray.

65 Izany no ilain'i Amerika izao hariva izao. Tsy mila Billy Graham iray izy, na tsy mila Oral Roberts iray izy. Ny ilaintsika, izao hariva izao, dia ny Fanahy Masina mihetsika eo anivon'ny olona, mitaky an'ilay taom-panafahana. Marina izany. Tsy mila rafi-pandaminana vaovao iray. Tsy mila rafitra vaovao iray. Ny zavatra tokana ilainy dia ny Fanahy Masina ho tonga amin'ny hery mandresy lahatra. Afaka mitory ny Filazantsara ianareo mandra-pivadikareo ho fotsy volo; afaka manao famantarana sy fahagagana ianareo mandra-pivadikareo ho votsy volo; Andriamanitra ihany no afaka tonga eo anivon'ny olona ka mandroso.

66 Nahoana, rehefa nanomboka io fifohazana io, dia nidina teo amin'ny toerana iray izay nisy tatatra iray niampita ny làlana ny mpitoriteny iray. Ary izy nanao an'izany . . . nampijanona ny soavaliny, ary nandeha nankeo amin'io tatatra io, ka hoy izy hoe, "Andriamanitra Tsitoha, voaloto tanteraka ity tanàna ity eto." Hoy izy, "Ataovy ny lehilahy tsirairay, vehivavy, zazalahy na ankizivavy, izay mandalo eto amin'ity tatatra ity, ho lavo eo ambanin'ny faharesen-dahatra amin'ny alàlan'Ny Fanahinao." Nandeha izy ka nitondra mpiady tsara, mahatoky iray, nametraka azy teo ambanin'io toerana io, mba hivavaka. Nijanona tao, andro aman'alina, nifady hanina, nivavaka.

67 Niditra tao an-tanàna izy, ka nangataka alàlana mba hangataka ny tso-drano teo amin'ny latabatra, talohan'ny nanolorana ny sakafo. Hoy izy, "Eny àry."

68 Dia nitsangana izy ka nanao hoe, "Tompo Andriamanitra, ataovy ny lehilahy tsirairay sy ny vehivavy tsirairay izay mipetraka eto amin'ity latabatra ity, mba ho tonga eo ambanin'ny faharesen-dahatra."

69 Ary izao no voalaza, ary voasoratra tamin'ny gazety, hoe, "Nandalo teo amin'io tatatra io ireo lehilahy, ary nampijanona ny soavaliny teo amin'ny làlana, ka nanomboka nitomany sy niantsoantso." "Ireo lehilahy sy vehivavy dia tonga teo amin'ny latabatra ary nipetraka ka naka ny sakafony, ary nanosika an'izany, dia nitomany sy niantsoantso ary nibebaka."

70 Izany no karazana fifohazana izay ilaintsika izao hariva izao, izay ivoahan'Andriamanitra eo anivon'ny olona.

71 Afaka manomboka fivoriana iray isika, manao famantarana sy fahagagana. Mahamarika an'izany aho eto. Mandeha aho, ary indraindray, ao amin'ny fivoriana, dia mahita ny jamba, mandre ny marenina, tonga ny olona ka mijery, manao hoe, "Mahafinaritra izany." Rehefa tapitra ny fifohazana, dia tsy mandre momba azy ireo intsony ianareo. Mihemotra avy hatrany izy ireo hoe, "Eny, eny, mino an'izany aho."

72 Ny ilainy, izao hariva izao, dia tsy mpitory teny vaovao. Ny ilainy dia ny Fanahy Masina, mivoaka eo anivon'ny olona, mandeha mamoha azy ireo, noana sy mangetaheta ny fahamarinana. "Sambatra izy ireo rehefa noana sy mangetaheta ny fahamarinana, satria hovokisana izy ireo." Na aiza na aiza ilay izy, dia mila ny Fanahy Masina mba hanaovana an'izany.

73 Ankehitriny, tamin'ireo andro ireo rehefa ireo mpisorona ireo . . . Nentin'izy ireo tany ilay lehilahy, ary angamba niasa tany tao amin'ny sahan-katsaka; tonga ilay tompo, nikaravasy azy tamin'ny karavasy, "Haingàna eo! Ataovy haingana io!"

74 Fa vantany vao nitsoka io trompetra io, dia afaka nanipy an'ilay angady io lehilahy io, manao hoe, "Tsy hiasa tany amin'ity intsony aho." Ary io mpampiasa io, io mpitondra andevo io, dia voarara tsy hikasika azy intsony, satria afaka izy. Nahoana? Efa nandre an'ilay vaovao tsara izy. Nandeha ny jobily. Vita ny fanaovam-panavotana, ary afaka mandeha malalaka ny andevo rehetra.

75 Tsaroako, ny tenako, oh, oadray, rehefa nandre an'io vaovao tsara io tonga tao am-poko aho. Raha mbola zazalahy kely mpanota iray nandry teto teo ambonin'ny fandrian'ny hopitaly, hoy ilay dokotera hoe, "Manana telo minitra amboniny hahavelomana ianao." Nandre feo avy tany An-danitra aho, izay nilaza tamiko fa nandeha ny taon-jobily.

76 Nanaiky ny Tompo Jesosy aho, novahako ireo rojompahotana rehetra, ka nilaza tamin'ny devoly hoe, "Tsy afaka manisy ratsy ahy intsony ianao, satria efa natolotro an'i Kristy Jesosy ny fiainako, ka tsy afaka mikaravasy ahy intsony ianao." Hatramin'io, dia namitaka ahy izy, imbetsaka. Saingy tsy afaka nikasika ahy intsony izy hatramin'io, satria mpamitaka iray fotsiny izy. Afaka mandre ny karavasiny mirefotra sy mipoapoaka aho, sy ny sisa, saingy tsy mahavita soa izany. Satria, tsy afaka mahazo ahy izy, satria an'ny Tompo aho ankehitriny. Marina izany.

77 Ankehitriny dia mahamarika an'ity lehilahy ity isika, rehefa afaka handeha izy, izy dia, niverina tany an-tranony, niverina tany amin'ireo malalany, niverina tany amin'ny vady amanjanany. Afaka izy. Tsy voatery ho andevo intsony izy.

78 Saingy ity no loza. Raha tsy maniry ny hiverina io lehilahy io, ka te-hijanona ao izy, amin'izay fotoana izay dia nanatona azy io tompo io, nanao hoe, "Mbola maniry ny ho andevoko foana ve ianao?" "Eny." Noho izany dia nentiny nankany an-tempoly izy, niteny an'izany teo anatrehan'ny olona, ho vavolombelona ampahibemaso, nametraka ny sofiny teo amin'ny andry, ka nanisy haolo iray, ary nanisy marika azy teo amin'ny sofiny. Amin'izay fotoana izay dia tsy afaka ny ho afaka intsony izy. Tsy maintsy ho mpanompo iray izy raha mbola velona foana. Tsy maintsy manohy manompo an'io mpitarika andevo io izy, raha mbola velona foana, raha nandà an-tsitrapo ny antsony sy ny fanararaotrany mba ho afaka izy.

79 Ankehitriny dia alamino ny tenanareo, vetivety fotsiny. Nandritra ny efapolo taona lasa, teto Etazonian'i Amerika, dia efa nisy fieronan'ny Fanahy Masina tsy ankitsahatra nivoaka, niasa teo anivon'ny olona sy isam-batan'olona, manao famantarana sy fahagagana, ary ireo karazana zava-mahagaga rehetra. Ireo olona izay natsangana, avy tamin'ny mpivarotena, avy tamin'ny olona tsy ara-dalàna, sy ny sisa, ary lasa lehilahy mihaja sy Kristiana. Nisy ireo izay jamba, nahazo ny fahitany. Nisokatra ireo sofina marenina. Ilay fotoan-jobily lehibe ho an'ny marary sy ny ory, ireo izay voafatotry ny devoly! Tamin'ny lafiny rehetra, na narary izy, na jamba izy, na kilemaina izy, dia nisy fahagagana an'aliny natao teo anivon'ny olona. Nisy fifohazana nandeha tsy ankitsahatra, tao amin'ireo fiangonana, nandritry ny efapolo taona lasa, an'ny batisan'ny Fanahy Masina. Ary tonga eo amin'ny fotoana iray izany, amin'ny maha-firenena iray, sy ny fitambarany, ary amin'ny maha-isambatan'olona iray, ary amin'ny maha-vondrom-piangonana, izay nandàvantsika an'Izany. Nandeha nanalavitra isika ary nandà an'Izany.

80 Ankehitriny ny ampahany ratsy an'izany, ry sakaiza, raha mampalahelo ny Fanahy Masina matetika loatra ianareo, amin'izay fotoana izay dia efa niampita an'ilay tsipika

manasaraka ianareo. Tonga eo amin'ny toerana tsy misy fibebahana tavela ho anareo intsony ianareo, ary ho voaisy tombokase ao amin'ny fanjakan'ny aizina ianareo, izay tsy hahitanareo ny Tompo Jesosy intsony. Tsy hahita ny fanantenan'ny Fiainana intsony ianareo, ary ho voaisy marika mandrakizay sy mandrakizay. Fampitandremana mihaja toy ny inona izany! Oh, manantena aho fa ny Fanahy Masina no mandentika an'izany ao am-ponareo.

81 Ianareo izay mitsangana eo amin'ny sisin-tany. Ianareo izay efa nieritreritra, imbetsaka hoe, "Te-ho Kristiana manolo-tena tanteraka aho, raha afaka manapa-kevitra fotsiny aho hoe rahoviana no hanao an'izany." Oh, ry rahalahiko, anabaviko, fantatrareo ve fa ity no mety ho fanararaotranareo farany izay hany tokony hahalasa anareo ho izany? Mety ho izany no hariva farany izay hany hananananareo ny fanararaotra ho lasa mpino Kristiana iray. Izany no mety, manomboka izao hariva izao, nandàvanareo ny Hafatr'Andriamanitra ho an'ny fotoana farany. Amin'izay fotoana izay ianareo dia ho, eo imason'Andriamanitra, voaisy marika ao amin'ny fihemorana.

82 Kilasin'olona roa ihany no hisy amin'ny andro farany. Samy hitondra marika iray izy roa ireo.

83 Ny marik'Andriamanitra dia ny batisan'ny Fanahy Masina, tsy misy aloky ny fisalasalana. Nitory an'izany aho vao tsy ela akory izay, teto mihitsy. Nohon'ny fanampian'ny Fanahy Masina, sy ny Tenin'Andriamanitra, nanaporofo an'izany, hoe ny tombokasen'Andriamanitra dia ny batisan'ny Fanahy Masina. Hoy ny Efesiana 4:30 hoe, "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo." Raha tsy manana ny Fanahy Masina, dia tsy voaisy tombokase ianareo. Fa ny Fanahy Masina no Tombokasen'Andriamanitra.

84 Ary avy eo, izay, izay rehetra tsy voaisy tombokase amin'ny Fanahy Masina, dia nandray ny mariky ny bibidia. Ary ny mariky ny bibidia dia mariky ny fihemorana, izany dia, fandàvana ny Fanahy Masina. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

85 Noho izany rehefa ny taon-jobily, na tonga ilay fitsofana, dia mandray ny Fanahy Masina ny olona; ary raha minia, mandà an'Izany an-tsitrapo ianareo, Andriamanitra dia tsy manana intsony, na, tsy eo ambanin'ny fanerena mba hiresaka aminareo intsony. Amin'izay fotoana izay dia ho voaisy marika ianareo, ireo karazana tandindona fahiny rehetra an'ny Testamenta Taloha, dia tandindona sy aloky ny Vaovao fotsiny ihany. Ary ny mandà an'i Kristy, sy ny mandà Azy, nefa nandondòna teo am-baravaranareo Izy, dia eo amin'ny tsipika mampididoza iray ianareo hoe noloahana teo amin'ny sofina. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra." Ary hasian'Andriamanitra tsentsina iray

eo amin'ny sofinareo, ka tsy ho afaka hahazo intsony ianareo. Ary tsy hanao afa-tsy ny hitsikera ny Filazantsara ianareo raha mbola velona foana; ary ho faty, ka ho very mandrakizay. Fotoana iray toy ny inona, raha mbola fotoan-jobily izao, raha mbola misokatra ireo varavarana! Efa fantatrareo ve fa io batisan'ny Fanahy Masina iray io ihany . . .

86 Nianatra ny tantara aho nandritra ny efatra, na dimy, enin-taona farany, mikasika ny Fanahy Masina, mahafantatra fa ity fotoana izay tonga amiko ankehitriny ity, dia ho tonga, izay hamelako eny amin'ny sisiny an'ireo fotoam-panasitranana ho voalohany, mandritry ny fotoana fohy, ka hitoriako ny Filazantsara! Marina izany. Ny zavatra voalohany tsy maintsy nataoko . . .

87 Hoy ny olona hoe, "Nahoana ianao no tsy manao an'*ity*? Nahoana ianao no tsy manao an'*itsy*?"

88 Ny zavatra voalohany tsy maintsy nataoko tamin'io fanomezam-pahasoavana Masina io, dia ny fahazoana ny fon'ny olona. Raha tsy azoko ny fon'izy ireo, dia tsy ho nihaino izy ireo. Ankehitriny dia nohamarinin'Andriamanitra izany, ary ankehitriny dia mino ahy izy ireo. Hitan'izy ireo fa miseho ireo zavatra izay voalaza, ara-bakiteny. Hitan'izy ireo ny herin'Andriamanitra mihetsika sy manao marina tokoa. Ankehitriny izay lazainareo, dia hino an'izany izy ireo. Ankehitriny ny zavatra voalohany tsy maintsy hitako, dia izay noresahiko, satria hihazona ahy ho tompon'andraikitra amin'izany Andriamanitra amin'ny Andron'ny Fitsarana. Marina izany.

89 Nilatsaka ny batisan'ny Fanahy Masina, ny fotoana voalohany hatramin'ny Pentekosta, tany Rosia, zato taona lasa izay. Marina izany. Tantara izany. Ary nanana ny batisan'ny Fanahy Masina izy ireo, ary nanao famantarana sy fahagagana, zato taona lasa izay; ary nandà an'Izany, amin'ny mahafirenena iray, ary nandà Azy. Ary rehefa nandà izy ireo, dia nitodika ankehitriny nankany amin'ny anti-Andriamanitra, anti-fivavahana, ary lasa kominista, mangatsiaka, mahery setra. Raha tsy hihaino an'Andriamanitra ianareo, dia hanolotra anareo ho an'ny fanahy iray izay hanameloka anareo Izy, hivadika ho maloto saina, hino ny lainga ka ho voaozona amin'izany. Eo no itsanganan'i Rosia izao hariva izao, voaozona eo imason'Andriamanitra, satria tamin'ny fandraisana ny hafatry ny jobily ny amin'ny batisan'ny Fanahy Masina izy. Nivadika ho maloto saina izy ireo. Nino lainga izy ireo, ka voaheloka amin'izany, eo imason'Andriamanitra.

90 Ny toerana manaraka nilatsahan'Izany dia tany Turquie, ary nolavin'ireo Turcs Izany. Ary nohomboany, sy nalatsany tao anatin'ireo famorian-drano, sy ny sisa, miaraka amin'ny sabatra miraikitra mivoaka tahaka an'*izao,* ireo vahoaka Armeniana

ireo, sy ny sisa, ary an-jatony tamin'izy ireo no novonoiny. Ary jereo hoe aiza no misy an'i Turquie izao hariva izao. Nihoatra azy!

91 Ankehitriny, ry rahalahiko, Amerika dia efa nanana efapolo taona an'ny toriteny apostolika amin'ny fanao fahiny, ilay taon-jobily. Ary raha tsy handray an'Izany izy ireo amin'ny maha-firenena iray, ary matahotra aho fa tsy hanao an'izany izy ireo, amin'izay fotoana izay dia ho voaisy tombokase izy ireo, ao anaty aizina, fihemorana tanteraka. Ireo anaram-piangonantsika rehetra, mety tsara izy ireo, fa, rahalahy, tsy mijery anaram-piangonana Andriamanitra. Mijery isam-batan'olona Izy. Tsy anaram-piangonana iray ny Kristianisma. Ny Kristianisma dia fiainana iainan'ny isam-batan'olona. Amena.

92 Indray andro any, HOY NY FANAHY MASINA HOE araka ny Tenin'Andriamanitra, hoe, "Amerika manontolo dia, mandà an'Andriamanitra, ary handray ny mariky ny bibidia araka ny Apokalypsy ny toko faha-13." Ary miditra ao amin'izany isika. Andriamanitra dia tsy afaka hamela firenena iray . . .

93 Tsy manavaka firenena Andriamanitra. Tsy manavaka olona Izy. Mila an'izay maniry Izy. Ary raha hivelatra ny firenena iray ka hanao an'izany rehetra izany ary hijoro, dia haharitra mandrakizay izany fanjakana izany.

94 Fa ho rava ny fanjakana tsirairay amin'ny fihavian'ilay Vato niendaka avy teo amin'ny tendrombohitra, tsy nisy tànana, izay hamotipotika ny fanjakana rehetra an'izao tontolo izao. Ary Kristy no hanapaka sy hanjaka, ary tsy hanam-pahataperana ny Fanjakany. "Ny Anarany dia hantsoina hoe Mpanolo-tsaina, Andrian'ny Fiadanana, Andriamanitra mahery, Ilay Rain'ny mandrakizay. Ary ny fanapahana dia ho eo an-tSorony, ary ny Fanjakana tsy hanam-pahataperana." Izany no Fanjakan'Andriamanitra izay ho avy amin'ny hery sy ny fanehoana, fa ny sisa rehetra amin'izao tontolo izao dia ho rava sy ho potipotika. Handà an'Izany izy ireo. Mandà an'Izany ireo firenena, mandà an'Izany ireo fiangonana, mandà an'Izany ireo isam-batan'olona; mba hahafahan'Andriamanitra mitsara an'ireo firenena, Ahafahany mitsara an'ireo fiangonana, Ahafahany mitsara an'ireo isam-batan'olona. Satria, ny olona iray izay manatona ny Fahamarinana, nefa diso amin'ny fandehanana amin'ny Fahamarinana, amin'izay fotoana izay izy dia, araka ny Soratra, niteny ratsy, na nandà, ny Fanahy Masin'Andriamanitra, ary any ankoatry ny Andro Fanavotana.

95 Ry sakaiza, rehefa mandehandeha eto ianareo, sy ireo zavatra azonareo . . . Manao akanjo tsara isika, ireo akanjo tsara indrindra. Ny olona miakanjo tsara indrindra eto amin'izao tontolo izao dia ny Amerikana. Ny olona misakafo tsara indrindra eto amin'izao tontolo izao dia ny Amerikana. Izy ireo no mamily an'ireo fiara tsara indrindra eto amin'izao

tontolo izao. Izy ireo no manana ny vola be indrindra amin'ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao. Marina izany. Isika no manana ny tsara indrindra amin'ny zavatra rehetra eto amin'izao tontolo izao. Isika no manana ny sasany amin'ireo fiangonana tsara indrindra eto amin'izao tontolo izao. Isika no manana ny sasany amin'ireo olona tsara indrindra eto amin'izao tontolo izao. Kanefa, ao anatin'izany rehetra izany, ny firenena iray manontolo, dia mihodina tsikelikely manalavitra an'Andriamanitra, satria napetratsika teo amin'ny isam-batan'olona izany, napetratsika teo amin'ireo anarampiangonana izany, napetratsika teo amin'ireo firenena izany.

96 Teto vao tsy ela akory izay, dia nanontany lehilahy iray aho, hoy aho hoe, "Kristiana ve ianao?"

97 Hoy izy hoe, "Homeko mba hahazoanao fa Amerikana iray aho. An'ny firenena Kristiana iray aho." Eny, tsy midika mihoatra ny tsinontsinona izany.

Zazavavy iray, hoy aho hoe, "Kristiana ve ianao?"

98 Hoy izy hoe, "Homeko mba hahazoanao, ry lehilahy tanora, mandoro labozia iray isan-kariva aho."

99 Inona no fahasamihafana ataon'izany hoe firy ny labozia doranareo? Inona no fahasamihafana ataon'izany hoe impiry ianareo no miaina ato amin'ity firenena ity? Inona no fahasamihafana ataon'izany hoe inona no fiangonana ikambananareo? "Raha tsy ateraka indray amin'ny Fanahin'Andriamanitra ny olona, dia tsy hahita ny Fanjakan'Andriamanitra izy." Izany no lohahevitra fampitandremana an'i Jesosy Kristy Tompontsika.

100 Ry sakaizako, tsy fantatrareo hoe toy ny ahoana no itiavako anareo. Tsy fantatrareo fa rehefa izaho. . . fa tsy miezaka ny handevilevy anareo aho satria fotsiny hoe mitsangana eo amin'ny polipitra aho; hanararaotra anareo aho.

101 Fa izay lazaiko aminareo, izao hariva izao: Tandremo ny Filazantsara! Mandosira mankany amin'i Kristy! Avelao ny zavatra rehetra! Aza miandry an-dRamatoakely Jones, aza miandry an'izany hanomboka ao amin'ny fiangonana, atombohy ao amin'ny tenanareo izany, izao ankehitriny izao. Fa mety ho avy ny andro izay hanondroan'Andriamanitra anareo ho andevo iray amin'ny sisa amin'ny androm-piainanareo, amin'ny fahotana izay namatotra anareo ela be. Tsy mampaninona izay vidiny!

102 Hoy ny olona iray, vao tsy ela akory izay, nanao hoe, "Fa, Rahalahy Branham!" Tena tso-po io olona io, izay niainan'ilay olona, niaina tao anatin'ny fahotana. "Oh," hoy izy, "tso-po aho. Mino an'i Jesosy Kristy Tompo aho."

103 Hoy aho hoe, "Raha tso-po ianao, amin'izay fotoana izay dia porofoy fa tso-po ianao. Ilaozy ny fahotana izay iainanao."

"Oh," hoy izy, "hitanao, tena betsaka no tafiditra ao."

Hoy aho hoe, "Nihevitra aho fa tso-po ianao."

104 Hoy ianareo hoe, "Eny, manana an'*ity* hatao aho. Manana an'*itsy* hatao aho." Ny zava-dehibe indrindra azonareo atao dia ny manatona an'i Jesosy Kristy, tsy mampaninona izay tokony hataonareo. Inona no manan-danja kokoa noho ny—noho ny nateraka indray?

105 Ny tsirairay avy aminareo dia mahafantatra fa indray andro any ianareo dia ho karan-doha sy antontan-taolana mandry ambanin'ny sasany amin'ity tanimanga eto ity. Azo antoka tahaka anareo mipetraka eto izao hariva izao mihitsy, no androsoanareo mankany amin'izany. Marina izany. Tokony ho tso-po toy ny ahoana àry ianareo? Azonareo ve izay tiako lazaina? Mety hiainga afaka adiny iray manomboka izao ianareo. Amin'ny fotoana toy izao amin'ny herintaona, dia mety tsy hisy silaka nofo iray akory aza eo amin'ny taolanareo, afaka roa ambin'ny folo volana manaraka. Mety tsy hisy pentin'aina kely ao amin'ny vatanareo, afaka dimy amby roapolo minitra manaraka. Ary avy eo manomboka amin'io fotoana io, mandra-pitsahatr'ireo taona tsy misy farany, dia tsy hisy intsony. Ny toerana izay andehananareo, izany no toerana hisy anareo mandrakizay.

106 Noho izany raha matimaty ianareo, rahalahy, dia izany no toerana mampidi-doza izay azonareo itsanganana, dia toerana matimaty iray. Hoy i Jesosy hoe, "Aoka ho mafana na ho mangatsiaka. Aoka ho momba Ahy, amin'ny fonareo rehetra, na ho manohitra Ahy." Raha miaina fiainana tena tsara fotsiny ianareo, dia tsy hikaonty mihitsy izany. Tsy hahatanty mihitsy ireo vorodamban'ny fahamarinanareo manokana amin'ny Andron'ny Fitsarana. Marina izany.

107 Hoy ianareo, "Eny, mikambana amin'ny fiangonana aho." Tsy misy idiran'io amin'Izany. Mino aho fa tokony hikambana amin'ny fiangonana ianareo, mety tsara, saingy tsy misy idiran'izany amin'ny famonjena.

108 Tahaka ny nolazaiko aninkeo maraina mihitsy, nandeha hatraiza hatraiza ilay lehilahy, niezaka nitady an'i Jesosy Kristy; Efa tao am-pony Izy. Ireo zavatra izay nataony, nihiakiaka sy niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra, sy ny sisa, mety tsara ireo zavatra ireo, saingy izany ireo toetran'i Kristy ao anaty aloha. Hitanareo? Tsy maintsy manana an'i Kristy *eto* aloha ianareo, avy eo vao hiseho ireo zavatra ireo. Saingy afaka manao an'izany ianareo, tsy manana an'i Kristy, fa amin'izay fotoana izay dia ao amin'ny karazana olana inona no misy anareo?

109 Ankehitriny, efa nahita mpanompo sampy nihiakiaka aho. Marina izany. Nahita olona nandehandeha aho ary nanao zavatra hafahafa jerena tahaka an'izany, hany ianareo ka ho, afaka mino ny zavatra rehetra ianareo. Misintona tady iray

avy amin'ny gony iray, tahaka an'*izao,* manao hocus-pocus eo amboniny, fa mitsangana mahitsy eny amin'ny habakabaka avy hatrany ilay tady. Maka kôbra goavana iray, ary manaikitra izy, na manana vangy izy na tsia; manipy vorodamba iray eo, ary mandinika an'ireo vanginy mihantona eo amin'ireo vorodamba. Mandeha manodidina eo, ary mitendry zava-maneno kely eo aminy, sy mihira, ary manodina azy manodidina ny tendany. Mijery azy fotsiny io kôbrà io, mihetsika toy ny hoe hamely izy, ary avy eo mihemotra. Aza manakaiky azy; hamono anareo izy.

110 Ary efa nahita azy ireo nitsangana aho tany ary nandeha teo amin'ireo lavak'afo, nefa nirehitra ireo vainafo. Manala an'izay nanaovany, mandeha avy hatrany ao anatin'ireo vainafo nefa tsy manao na inona na inona, tsy maninona mihitsy. Miditra ao anaty fefim-biby goavana iray, voakapoka, feno fitaratra, ary miraikitra mitsangana tahaka an'*izao;* mihazakazaka ary manao fitsambikinana goavana ao anatin'izany sy mandry eo ary mihodina hatrany sy hatrany ary hatrany, ary mitsangana, tsy misy ratra iray eo amin'izy ireo; mitsambikina mivoaka. Finoana izany, saingy, rahalahy, tsy izany no famonjena. Tsia, tompoko. Oh, tahaka an'izany, ireo fomba fetsy izay ananan'ny devoly mba hamitahana ny olona.

111 Ny famonjena dia raharaha iray isam-batan'olona miaraka amin'Andriamanitra Tsitoha, amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy ilay Tompo.

112 Oh, ny ilaintsika izao hariva izao, ry sakaiza, dia ny iray amin'ireo fivoriana amin'ny fanao fahiny izay nananantsika taloha taona maro lasa izay, hitety ny firenena manontolo. Fa, nandeha nody ny olona, nanitsy ny tokantranony, nesorin'izy ireo ny—ny ratsy hivoaka ny tranon'izy ireo, najanon'izy ireo ny hadalany rehetra nanerana ny trano. Ny trano isan'isany sy tsirairay, nataon'izy ireo nilahatra nahitsy izany. Ary nitsahatra tamin'ny faharatsiany izy ireo. Nitsahatra tamin'ny famitahany izy ireo. Nitsahatra tamin'ny laingany izy ireo. Niara-niaina tamin-kitsim-po sy tamim-pahononan-tena izy ireo; niaina araka ny tokony iainan'ny Kristiana. Izany ilay karazana fivavahana.

113 Ary, amin'izao andro izao, ilay. . .io karazana fivavahana iray ihany izay ananantsika io, dia nisampana sy nisampana hany ka lasa tena voalamina izany ka fampisehoana iray an'i Hollywood ilay izy, saiky. Ankehitriny, fantatrareo fa izany no fahamarinana. Ary mandeha any amin'ny toerana iray isika, mametraka andian-java-maneno goavana, ary mitendry zava-maneno, sy manao hadalana, ary mihetsika tahaka ny, mihambo, ho Kristiana. Fa mandehana any amin'izy ireo ary tohero indray mandeha, dia diniho izay azonareo. Hitanareo?

114 Ny Kristianisma dia fahari-po, hatsaram-panahy, fahamoram-panahy, fahalemem-panahy, faharetana. Marina

ve izany? "Kristy, rehefa notevatevaina Izy, dia tsy nanevateva indray Izy." Marina ve izany? Ny Kristianisma dia fiainana iainan'ny olona iray. Fahatsapana manokana izany. Tsy . . .

115 Fa hoy ny sasany hoe, "Noho izany *ity* zalahy ity, fantatro fa ity lehilahy ity dia manao an'*ity*. Fantatro fa izy dia afaka—afaka mivavaka ho an'ny marary izy dia ho salama izy ireo." Tsy midika izany fa hoe Kristiana iray izy. Ny finoana dia hanao ny zavatra rehetra.

116 Ary raha afaka ho tonga eo amin'ilay toerana fotsiny ianareo, amin'ny maha-Kristiana, ny vondrona kelintsika eto amin'ny tabernakla, ianareo rehetra, raha afaka hahita fotsiny hoe ahoana fa manao fahagagana ireo mpamosavivavy sy ny mpanao majika. Azo antoka, manao izy ireo.

117 Ary manana an'ireo fampisehoana rehetra izay vokarin'ny Kristianisma izy ireo, saingy tsy afaka ny ho Kristiana izy ireo. Jereo ny fiainan'izy ireo, izay ataon'izy ireo.

118 Ny olona eo mihitsy aza dia manao ny fiainana miaraka amin'ireo vehivavy hafa, fijangajangana, ho fivavahana iray, nefa manao famantarana sy fahagagana ireo olona iray ihany ireo. Tsy ao . . .

119 Misy zavatra anankiray izay tsy azon'izy ireo atao. Misy zavatra iray fotsiny izay tsy mbola nety hitako mihitsy nataon'ny mpampianatra mpamosavy iray na zavatra iray. Afaka manao fahagagana izy ireo, tahaka ny manao an'io tady io hitsangana. Afaka mihazakazaka mitety afo izy ireo, mamosavy an'ilay afo. Ary afaka manao zavatra tahaka an'izany izy ireo. Saingy tsy afaka manasitrana ny olona izy ireo. Hafahafa izany. Afaka manozona olona izy ireo, ka ho tonga eo amin'ny olona ireo aretina. Saingy tsy afaka manala an'ilay ozona izy ireo, ary manasitrana azy ireo.

120 Efa tahaka an'izany ilay izy manerana ny Baiboly. Rehefa nanohitra an'i Mosesy i Jana sy i Jambra, dia afaka nitondra fery sy vay izy ireo, saingy tsy afaka nanaisotra azy ireo. Afaka nitondra lalitra sy hao izy ireo, saingy tsy afaka nanaisotra an'izany. Satria, ny Tompo no ilay Anankiray Izay manasitrana ny marary. Afaka mandihy ao amin'ny fanahy izy ireo, efa imbetsaka aho no nahita azy ireo. Afaka manana karazana fihetsiketsehana rehetra izy ireo, saingy tsy afaka manasitrana ny marary, na tsy afaka hiaina fiainana Kristiana iray izy ireo. Izany no zavatra anankiray tsy azon'izy ireo atao.

121 Ary noho izany dia lasa raharaha iray isam-batan'olona izany, an'ny lehilahy tsirairay sy ny vehivavy tsirairay, rehefa mahita an'ireo zavatra sandoka rehetra ireo isika, ary ny Baiboly dia nilaza, fa, "Tena hifanakaiky ireo fanahy roa, amin'ny andro farany, hany ka hamitaka an'ilay tena Voafidy izany raha azo natao." Marina izany. "Ireo Kristy sandoka, fanahy sandoka mipoitra, maneho famantarana, mamitaka ny maro." Marina

izany. Fa, “Ny Ondriko mahalala Ny Feoko. Tsy hanaraka vahiny izy ireo.” Oh, andro iray toy ny inona no iainantsika! Ary efa saiky hifarana ilay fotoan-jobily.

122 Henoy, ry sakaiza, izao hariva izao, raha eto ianareo tsy manana an’i Kristy, ary tsy mahafantatra Azy . . . Mahazo antoka marina tokoa ao am-ponareo, pozitifa amin’izany, tsy misy aloky ny fisalasalana fa Kristy no ao am-ponareo, dia mety tsara. Fa raha hoy ianareo hoe, “Eny, Rahalahy Branham, torotoro aho ary nitomany indray mandeha rehefa teo amin’ny alitara aho.” Aza mandray an’izany. Hoy ianareo hoe, “Eny, ho teneniko aminao, Rahalahy Branham, izaho—nanana fotoana tsara iray aho, indray mandeha. Nandihy tao amin’ny Fanahy aho, nanerana ny toerana rehetra.” Aza mandray an’izany. Hitanareo? Hoy ianareo hoe, “Eny, nivavaka ho an’ny lehilahy iray aho, indray mandeha, dia salama izy.” Aza mandray an’izany.

123 Ny zavatra tokony horaisinareo, dia ny mahafantatra fa rehefa ao am-ponareo Kristy, rehefa tonga ireo fizahan-toetra lehibe sy ireo olana, dia mbola mamy aminareo foana Izy. Mandeha ianareo na izany aza. Raha lasa ratsy ny zavatra rehetra, ary manohitra anareo ny olona rehetra, ary mivadika mankaty ny zavatra rehetra, dia mbola mamy sy maha-te-ho tia foana ianareo. Mety tsara izany. Manohy mandroso mihitsy. “Ary ianareo, ny fanahinareo, dia manambara miaraka amin’Ny Fanahiny, hoe zanakalahy sy zanakavavin’Andriamanitra ianareo.” Raha tsy manako ao amin’ny fanahinareo izany, izao hariva izao, ry sakaiza, dia aoka isika tsy ho voaisy marika any ivelan’ny Fanjakan’Andriamanitra. Ndao isika hiditra ao amin’ny Fanjakan’Andriamanitra.

124 Ary rehefa voaisy marika ao amin’ny Fanjakan’Andriamanitra indray mandeha ny olona iray, dia voaisy tombokase izy hatrany amin’ny faran’ny diany. “Aza mampalahelo ny Fanahy Masin’Andriamanitra, izay nanisiana tombokase anareo hatramin’ny Andro Fanavotana anareo.”

125 Ankehitriny, manana fomba fanao fahiny an’ny antso eny amin’ny alitara isika, mitondra ny olona mankeo amin’ny alitara. Deraina Andriamanitra ny amin’izany. Izany dia zavatra fanao fahiny tsara iray izay natomboky ny fiangonana Metodista taona maro lasa izay. Ary izany dia nanana ny . . . Tsara izany; mbola tsara foana izany androany.

126 Saingy tsy ilaina ny anatonanareo ny alitara mba ho lasa Kristiana iray. Tsy nanana an’izany mihitsy izy ireo nandritra ny andron’ny Baiboly. Noraisin’izy ireo ho toy ny mpino fotsiny izy ireo. Tsy nanao antso eny amin’ny alitara iray mihitsy izy ireo, tamin’ny fotoana rehetra, tamin’ny taona apostolika, tsy nisy antso eny amin’ny alitara. Hoy izy ireo hoe, “Izay rehetra nino dia natao batisa.” Marina ve izany? Lasa mpino izy ireo.

127 Rehefa resy lahatra tanteraka ianareo fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra, ary ao am-ponareo, ankehitriny, tsy ao amin'ny eritreritrareo, fa, ao am-ponareo, misy Zavatra manako ao ambany ao, ary nanao hoe, "Voavonjy aho ankehitriny," dia izay ihany no ilainareo, eo mihitsy, rahalahy. Iaikeo izany, ary aoka hivoaka ny teninareo. Ary avy eo dia diniho; diniho ny fiainanareo manomboka eo. Tahaka ny tsy ahafahan'ny katsaka hamokatra tsipolitra, no tsy ahafahan'io olona io koa hamokatra voa ratsy. Tsy maintsy hamokatra voa tsara izy.

128 Hoy Jesosy hoe, "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga amin'ny fanamelohana; fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Izany dia satria mino ianareo, tsy mieritreritra, fa mino an'Izany ianareo. Lasa fisainana iray ao am-ponareo Izany. Ny zavatra manaraka, dia nasehonareo ho fiaikena iray Izany. "Izay hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hanaiky azy Aho eo anatrehan'Ny Raiko sy ireo Anjely masina." Amin'izay fotoana izay dia misy zavatra mamikitra. Izany ilay zava-misy.

129 Fa izay nampianarina antsika, ry sakaiza, no nanala antsika teo amin'ilay laharana. Nampianarina isika, nampianatra ireo vahoaka Metodista, tany amin'ny voalohany, hoy izy ireo hoe, "Rahalahy, rehefa tonga eo amin'ny toerana iray izay nahafahany nihiakiaka izy ireo, dia nanana ny fanamasinana izy ireo, nanao an'izany rehetra izany voamboatra." Saingy, hitanareo fa, tsy nety tsara mihitsy izany. Marina izany.

130 Rehefa afaka nihiakiaka ireo Nazareana, sy nanangana ny tànany, nihazakazaka nandroso sy niverina teo amin'ny làlantsara, dia hoy izy ireo hoe, "Izany ilay Izy." Ary maro tamin'izy ireo no nihiakiaka sy nihazakazaka nandroso sy niverina teo amin'ny làlantsara, nivoaka ary niaina karazana fiainana iray, noho izany dia fantatr'izy ireo fa tsy izany ilay Izy.

131 Tonga ny Pentekosta, rehefa nanomboka namerina indray an'ireo fanomezam-pahasoavana Andriamanitra, ho an'ny fiangonana, nanomboka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra. Hoy izy ireo hoe, "Izao no Izy. Izany no manana Azy ankehitriny. Voalamina isika rehetra." Saingy hitan'izy ireo fa tsy nanana Azy izy ireo. Marina izany. Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny olona nefa miaina amin'ny karazana fiainana rehetra.

132 Rahalahy, ilay izy dia, aoka hahazo antoka! Ankehitriny, mety tsara ny mihiakiaka. Mino ny fanamasinana aho; eny, tompoko, tsy ny ahy, fa ny Azy. Hitanareo? Marina izany. Tsy ny fahamasinako, fa ny Azy. Rehefa Izy, ny Fanahy Masina, no mametraka ny Fahamasinany ato, dia ny Fahamasinany izany, fa tsy ny ahy. Mpanota aho, fa Izy no Tompo.

133 Ankehitriny, mino ny fanamasinana aho, mino ny fikiakiahana aho, mino fa ny olona iray izay nateraka indray

dia hanome karazana fanehoana iray. Marina izany. Mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Mino ny fandikana ny fiteny tsy fantatra aho. Mino ny fanasitranana ny marary aho. Mino ny faminaniana aho. Mino ny fanaovana fahagagana aho. Saingy ireo zavatra rehetra ireo dia zavatra izay manaraka aorian'ny nandraisanareo an'i Jesosy Kristy Tompo.

134 Izay efa nezahantsika lazaina hoe, "Rehefa mihiakiaka izy, dia manana Azy. Rehefa maminany izy, dia manana Azy." Saingy tsy izany no azony. Ny maka paoma iray amin'ny hazo, dia tsy midika fa manana an'ilay hazo ianareo. Hitanareo? Manana ny toetran'ilay hazo ianareo. Ary izany no nahatonga ny olana. Fa rehefa masaka ao am-po Kristy, dia miseho ho azy fotsiny ireo zavatra hafa rehetra ireo.

135 Tahaka ny ankehitriny ho avy ny ririnina. Ny hazo rehetra dia handatsaka ny raviny afa-tsy ny ôka. Hihazona ny raviny izy. Rehefa tonga ny lohataona, dia ravina tranainy maty izy ireo. Tsy mila mivoaka ianareo ka manala an'ireo ravina mba ahafahan'ireo vaovao ho tonga. Avelao fotsiny hiseho ilay fiainana vaovao, dia hilatsaka ireo tranainy ary hivoaka ireo vaovao.

Tahaka an'izany ny Kristianisma.

136 Ny mandray an'i Jesosy Kristy, dia tsy. . . Mandre ny olona aho manao hoe, "Eny, voninahitra ho an'Andriamanitra, nanozona aho indray mandeha. Afaka nanozona ny satroka niala tamin'ny lohan'ny lehilahy iray aho. Ary nitsahatra tamin'ny fanozonana aho, fantatro fa Kristiana aho." Tsia, tsy izany ianareo, amin'ny alàlan'izany. Tsia, tompoko. "Nisotro aho indray mandeha, ary nitsahatra tamin'ny fisotroana aho." Zavatra tsara izany. Saingy zavatra ara-pitondran-tena izany, hoe *ianareo* no nijanona.

137 Fa ny mandray an'i Jesosy Kristy dia ny mandray Ny Tenany ao am-ponareo. Izany dia manao anareo ho faty ny amin'ireo zavatr'izao tontolo izao, ary Kristy no velona ao anatinareo. Hitanareo? Afaka mitsahatra amin'ny fisotroana tanteraka tokoa ianareo nefa mbola tsy Kristiana iray foana. Afaka mitandrina ny Didy Folo rehetra ianareo nefa mbola tsy Kristiana iray foana. Satria, raha ny Didy Folo no namonjy anareo, dia tsy voatery ho faty Jesosy. Fa Jesosy dia maty mba Ahafahany manome anareo Fiainana mandrakizay. Ary izany no izy, izany dia ny Fanahy Masina miaina ao anatinareo; tsy mitandrina lalàna na manao zavatra, na zavatra tahaka an'izany. Ireo asa izany. "Tsy tamin'ireo asa no namonjena anareo; fa tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo, tamin'ny alàlan'ny finoana."

138 Noho izany raha, ao am-ponareo, no nandraisanareo ny Tompo Jesosy, dia manana fihavanana Aminy ianareo. Diniho indray, ny fiainanareo. Hoteneniko aminareo ny karazana

Kristiana izay tiako ho hita. Rehefa mandeha eny an-dàlambe izy ireo, manao hoe, "Ankehitriny, jereo, hitanao ve io lehilahy mandeha eo io? Ankehitriny, Kristiana iray izy. Tsy mikambana amin'ny fiangonany aho, fa, rahalahy, Kristiana iray izy. Hoteneniko aminao, nahita azy teo amin'ny toerana sarotra aho. Hitanao ve io vehivavy eo io? Eny, tompoko. Eny, mety tsy tena malaza eo anivon'ireo vehivavy izy, fa Kristiana iray izy. Teneniko aminao, Kristiana iray izy." Aoka ny tanàna manontolo hanao hoe, "Izany no Kristiana iray." Ho fantatr'izy ireo izany. Nilaza ny Baiboly fa voaisy tombokase ianareo.

139 Efa mba nametraka tombokase iray teo amin'ny zavatra iray ve ianareo? Alain'izy ireo tahaka an'*izao* izany ary asiany tombokase iray eo aminy. Ataon'izy ireo printy izany. Eo amin'ny andaniny roa izany.

140 Hitan'izy ireo ianareo tonga, ary hitan'izy ireo ianareo mandeha. Marina ve izany? Kristiana iray ianareo, hatrany sy hatrany, voaisy tombokase amin'ny Fanahin'Andriamanitra. Fantatr'izy ireo hoe inona ianareo. Marina izany. Fanisiana printy izany, fanisiana marika, fanisiana tombokase. Izany marina tokoa no fahamarinana. Ankehitriny, amin'izany ianareo no voaisy tombokase ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

141 Raha hany voaisy tombokase ara-dalàna indray mandeha io taratasy io, amin'ny alàlan'ny noteram-panjakana, ka voasonia eo amin'izany ny anarany, dia ara-dalàna izany raha mbola taratasy iray foana izy, rahalahy. Marina izany. Marina ve izany?

142 Ary raha misy olona iray hany nateraky ny Fanahin'Andriamanitra, tsy mody-finoana fa feno ny Fanahin'Andriamanitra marina tokoa, dia Izy no nanisy tombokase azy tao hatramin'ny Andron'ny fanavotana azy. Hitovy amin'i Kristy izy, androany; hitovy amin'i Kristy izy, rahampitso; hitovy amin'i Kristy izy, ny andro manaraka. Ao anatin'ireo fitsapana, dia mitovy amin'i Kristy izy; ao anatin'ireo olana, dia mitovy amin'i Kristy izy; ao amin'ny hanoanana, dia mitovy amin'i Kristy izy; ao amin'ny hafaliana, dia mitovy amin'i Kristy izy. Na aiza na aiza ahitanareo azy na izy, dia mitovy amin'i Kristy izy ireo, satria voaisy tombokase amin'ny Fanahy Masina izy ireo. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Tsy ny fanahinareo izany.

143 Rahalahy, ranabavy, aza milalao an'Andriamanitra ela loatra, satria mety ho tonga io andro io izay andalovan'ny fotoan-jobily eo amin'ny varavaranareo. Amin'izay fotoana izay dia entina eo amin'ny andrin'ny devoly ianareo, avy eo dia lavahana eo amin'ny sofina ary tsy afaka handre ny Filazantsara be voninahitra intsony ianareo. "Inona no tianao lazaina?" Tsy hisy ilànareo an'Izany intsony. Fantatrareo ve hoe inona ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina? Izany dia ny mandà Azy. Marina izany.

144 Oviana izy ireo no miteny ratsy ny Fanahy Masina? Rehefa nandà an'i Jesosy Kristy izy ireo, niantso Azy hoe Belzeboba. Ary ireo tena asa izay Nataony mihitsy, dia hoy izy ireo hoe, "Amin'ny alàlan'i Belzeboba no Anaovanao an'izany." Niteny tamin'ireo lehilahy Jesosy, izay, an'izay nataon'izy ireo. Izy ireo dia tsy nino, Azy.

145 Ary raha mandà tsy hino ny Fahamarinana ny olona iray rehefa atolotra azy ny Fahamarinana, ka mandà tsy hino an'Izany izy, dia izay no mamarana azy. Azo antoka izany.

146 Noho izany raha tsy mahafantatra ny Tompo ianareo izao hariva izao, mihoatra noho ny fahatsapana kely fotsiny izay anananareo kely. Raha tsy mahafantatra ny Tompo ho ilay Mpamonjy maha-te-ho tia, tsara fanahy, be fitiavana ianareo; tsy ho tianareo ve ny hahafantatra, izao hariva izao, izao ankehitriny izao? Tsy mila manatona ny alitara ianareo; afaka ianareo raha tianareo. Fa raha tsy mahafantatra Azy ianareo . . .

147 Henoy iray minitra fotsiny aho, raha mahita fitia eo imasonareo aho, amin'ny maha-rahalahinareo, raha mino ahy ho Mpanompony ianareo. Ankehitriny, mametraka an'ity ho manokana kely aho, saingy ho an'ny antony iray no anaovako an'izany. Raha mino ianareo fa efa nifandray tamin'Andriamanitra Tsitoha aho, raha mino an'izany ianareo, dia henoy aho ankehitriny. Aza avela hiposaka eo aminareo ny masoandro mandra-pamikitry ny zavatra iray ao am-ponareo, hoe Kristiana iray ianareo, hoe vita fihavanana amin'ny fahavalonareo ianareo, vita fihavanana amin'Andriamanitra ianareo.

148 "Koa satria nohamarinina tamin'ny finoana, dia manana fihavanana amin'Andriamanitra isika amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompo." Romana 5:1. "Koa satria nohamarinina tamin'ny finoana, dia manana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika isika."

149 Raha mifandrafy amin'ny mpiara-monina iray ianareo, amin'ny olon-kafa izay nandratra anareo, ary tena nandratra anareo io olona io; raha ianareo, ao am-ponareo, no tsy afaka hitia an'io olona io, dia aza mandray an'izany fahatsapana izany. Tsy maintsy tia an'ireo izay tsy tia anareo ianareo. Raha tia an'izay tia anareo ianareo, ireo mpanota dia manao tahaka an'izany. Fa manaova ianareo, ankehitriny, tsy mihetsika fotsiny tahaka ny hoe hetsika ara-pivavahana iray ilay izy, fa avy amin'ny fonareo no tsy maintsy anaovanareo.

150 Izay nangatahako anareo mba hivavaka ho ahy, indray andro, na aninkeo maraina, ho ahy. Lasa tena nitsikera olona aho, ny fomba iakanjon'ireo vehivavy, sy ireo zavatra tahaka an'izany. Tsy te-ho tahaka an'izany aho, ratsy izany. Ankehitriny dia miaiky an'izany aho, eto mihitsy, hoe diso aho. Ary nahita mpitoriteny nivoaka aho ka nanao zavatra izay tsy ara-tSoratra,

dia hoy aho hoe, "Ankehitriny dia diso izany." Iza moa aho no hitsara azy ireo? Andriamanitra no Mpitsara azy ireo. Andriamanitra anie hanaisotra an'izany fanahy izany hiala amiko. Aoka aho hitovy amin'ny Tompo Jesosy. Izay . . .

151 Ary raha . . . marina izany, ry rahalahiko, henoy, indray andro any, indray andro any, dia tsy hanana fanararaotra ho tonga ao am-piangonana intsony ianareo.

152 Rehefa mandeha aho ka miverina, dia miteny amiko ny vadiko hoe, "Fantatrao ve *Ranona-sy-ranona*?"

"Eny."

"Fantatrao ve fa maty izy ireo indray andro?"

153 Teto, sakaizako fahiny iray, nilalao niaraka taminy aho, fony zazalahy iray, Will Edgar King. Namako izy, hatramin'ny nahazazalahy kely iray. Niaraka izahay. Niara-natory izahay. Niaina izahay, niara-nanjono, fony zazalahy kely, ary nitombo. Ary raha tany ampitan-dranomasina aho . . . Tanora iray, lehilahy tanora matanjaka izay sitrana indray mandeha, fanasitranana avy amin'Andriamanitra, nitsangatsangana teo mihitsy ary maty teo no eo tamin'ny aretim-po. Iza no mba nieritreritra hoe, "Will Edgar King"? Teo amin'ny valo na folo taona tanora kokoa noho izaho, matanjaka, lehilahy tanora, teo amin'ny valopolo amby zato livatra, nitsangatsangana, tena sarin'ny fahasalamana mihitsy; lehilahy tanora iray miaraka amin'ny vady kely iray tsara tarehy, ankizy kely telo na efatra, ary nilofika fotsiny. Izy no lehiben'ny mpividy amin'ny toerampivarotana lehibe rehetra any atsimo. Toerana tsara, tokantrano maha-te-ho tia, fianakaviana maha-te-ho tia, saingy nalaina tahaka an'*izao*. [Nanapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.]

Rahalahy, Andriamanitra . . . Ny fanahiny dia eo antànan'Andriamanitra marina iray izay hanome azy ny karazana fitsarana marina iray.

154 Mipetraka eto isika, izao hariva izao. Andriamanitra irery ihany no mahafantatra hoe aiza no hisy antsika amin'ny maraina. Ankehitriny, raha tsy mahitsy amin'Andriamanitra ianareo . . . Raha mivavaka isika, ao am-ponareo mihitsy ankehitriny; tsy amiko, tsy amin'ny olona, fa ao am-ponareo, eo anatrehan'Andriamanitra, dia manaova hoe, "Tompo Jesosy, nilalao fotsiny aho. Fa, izao hariva izao, dia tsapako ato ampoko fa izao no fotoana izay tiako hanekena Anao feno ho Mpamonjy ahy. Ary manomboka izao, nohon'ny Fahasoavanao, dia hijery mahitsy any Kalvary aho, ary handeha amin'ny fiainana Kristiana mahitsy."

Hivavaka isika.

155 Ray any An-danitra, Izay tianay sy itokianay, mahafantatra an'izao, amin'ny maha-mpitoriteny, mpisorona, manao

fanompoam-panahy ho an'ny olona, mitsangana eto izao hariva izao eo anelanelan'ny velona sy ny maty, mahafantatra an'izao, hoe indray andro any, tsy misy aloky ny fisalasalana, dia tsy maintsy hamaly ny amin'ny teny tsirairay aho, eo amin'ny Seza Fitsaran'i Kristy. Mahita lehilahy sy vehivavy ato, olona maha-te-ho tia, manao ny zavatra rehetra nangatahako mba ataon'izy ireo, Ray. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . mahita olona manana ilaina, sy tsara fo. Ankehitriny, Tompo, dia sarotra, amin'ny maha-olombelona, miaraka amin'izy ireo, ny mitondra an'ireo teny mandrantsana ireo, hoe, tsy maintsy mandray an'i Kristy izy ireo raha tsy izany dia holavina.

156 Ray, izany no mitondra anay hahafantatra fa manana fitiavana madio, Masina ho azy ireo aho, tsy zavatra handratra azy ireo, fa zavatra izay tia azy ireo, Mandrakizay. Ary efa natolotro azy ireo Ny Zanakao, ny Tompo Jesosy, Izay hitsangana eo amin'ny toeran'izy ireo amin'ny Andron'ny Fitsarana.

157 Ray, mivavaka aho mba Handraisanao ny tsirairay avy. Tsy nangataka tànana hitsangana mihitsy aho. Tsy nahatsapa hanao an'izany aho, saingy tsapako fa misy maro eto, Ray, izay te-handeha eo Akaikinao. Te-hanolotra ny tenany izy ireo, ary manao an'izany izao ankehitriny izao. Amin'ny finoana, no inoako an'izany, Tompo, hoe avelan'izy ireo ankehitriny ny mavesatra tsirairay, ka manao hoe, "Manomboka izao hariva izao, mahita fa tena marefo ny aina, na ahoana na ahoana, tsy misy betsaka amin'izany, dia tiako ny handany an'izay rehetra ananako ho an'ny Tompo Jesosy." Ary, Andriamanitra, ekeo mba, manomboka amin'ity hariva ity, handehanan'izy ireo amin'izany làlana izany.

158 Ary avy eo, Ray, dia enga anie ireo olona iray ihany ireo handeha eto ary handray ny fandraisana, izao hariva izao, ankehitriny, ny tenan'i Jesosy Kristy Tompo novakivakiana. Ary noho izany izahay . . . Raha manao an'izany amin'ny fo iray tso-po izy ireo, dia Ianao no nilaza fa Ianao no hanangana azy ireo amin'ny Andro farany ka hanome azy ireo Fiainana mandrakizay. Ekeo ireo zavatra ireo, Ray tsara fanahy, fa mangataka azy ireo amin'ny Anaran'i Jesosy, Ny Zanakao izahay. Amena.

159 Tsy hanontany anareo aho hoe firy no nanao fanokanan-tena, fa mino aho fa maro aminareo no nanao. Ary, ny tenako, dia nanao tao am-poko hoe, "Tompo, esory amiko io fanahy mitsikera io."

160 Ankehitriny, tsy mitsikera olona aho, eo anatrehan'izy ireo, fa ao am-poko dia mitsikera aho. Raha mahita ramatoa iray mandeha eny an-dàlambe aho, indrindra fa *izany*, ary mahita fa tsy mitafy tsara izy, dia hoy aho hoe, "Tsy mahatsiravina ve izao?" Ao am-poko; tsy lazaiko ilay izy, tsy amin'ny olon-kafa. Sady izay koa, raharahany izany, manana safidy malalaka izy.

Tsy manana zò hanao an'izany izy; Kristy no nividy ny ainy; fa angamba tsy azony.

161 Noho izany, tsy ahy ny mitsikera; aoka Andriamanitra no hanao an'izany. Rehefa eo amin'ny polipitra aho, dia hitory ny Filazantsara amin'ny fomba tsara indrindra izay fantatro, ary ny sisa amin'izany dia hapetrako amin'Andriamanitra. Ny Tompo hitahy anareo, ry sakaiza.

162 Ankehitriny dia hanana ny fotoan'ny fandraisana isika, afaka minitra vitsy fotsiny. Firy no mino ny fandraisana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Misaotra anareo. Izany no nangatahan'i Jesosy Kristy mba hataontsika, nilaza, handray ny ampahan'ny Tenany novakivakiana, ary hanao an'izany mandra-Piveriny indray. Ary raha ianareo izay mino an'izany ho ny Fahamarinana, ka te-hanana an'izany fotoana kelin'ny fiombonana izany miaraka aminay, manodidina ny Tenin'Andriamanitra eto, dia ho faly izahay ny hanao anareo—hijanona hiaraka aminay ary—ary hanana an'izany fotoana izany. Raha tsy izany, dia hampirava izahay, afaka fotoana fohy fotsiny. Tianay ianareo hijanona miaraka amin'ny sisa amin'izy ireo, na ahoana na ahoana, mba hahafahanareo hahita ny fomba andraisanay ny fandraisana. Tsy izany ihany . . .

163 Izany dia ho, ihany koa, ho an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Fantatrareo ve izany? Rehefa nihinana an'ilay tandindona ny Isiraely, ilay zanak'ondry, ny paska, dia nanao dia efapolo taona tany an-efitra izy ireo, ary nivoaka tsy nisy olona anankiray nalemy teo afovoan'izy ireo. Eritrereto izany, tsy nisy olona anankiray nalemy, efapolo taona. Ny fandraisana, famantarana iray an'ireo mpino.

164 Ankehitriny, ao amin'ny Korintiana Voalohany ny toko faha-11, manomboka amin'ny andininy faha-23, ho vakiako izany ho tombontsoan'ny fiangonana. Paoly no miteny.

> *Fa izaho efa nandray tamin'ny Tompo . . . izay . . . natolotro anareo* koa, *. . . ny Tompo Jesosy tamin'iny alina iny . . . namadihana azy dia nandray ny mofo izy:*
>
> *Ary—ary rehefa nisaotra izy, dia novakiany izany, ka nanao hoe, Raiso,* ka *hano: ity no tenako, izay vakiana ho anareo: izao no ataovy ho fahatsiarovana ahy.*
>
> *Arak'izany koa . . . nandray ny kapoaka izy, rehefa nihinana izy, dia nanao hoe, Ity* no ilay *kapoaky* ny *fanekena vaovao amin'ny ràko: izao no ataovi*nareo, *na oviana na oviana* ianareo *no misotro azy, ho fahatsiarovana ahy.*
>
> *Fa na* oviana *na* oviana ianareo no, *mihinana an'ity mofo ity, sy misotro amin'ity kapoaka ity,* ianareo . . . *dia* manambara *ny fahafatesan'ny Tompo mandra*-pihaviny.

165 Tsy mahafinaritra ve izany? "Manambara ny Fahafatesany mandra-Pihaviny."

> *Koa na zovy na zovy no mihinana an'ity mofo ity, sy misotro amin'ity kapoaky ny Tompo ity, amin'ny tsy fahamendrehana, dia ho meloka ny amin'ny tena sy* ny *ràn'ny Tompo.*

166 "Inona no dikan'izany, Rahalahy Branham?" Izao no dikan'izany: Raha tonga ianareo ka mandray ny fandraisana, ary mivoaka ka miaina karazana fiainana hafa noho ny tokony iainan'ny Kristiana iray, dia mitondra henatra sy fahafahambaraka nohon'ny amin'i Jesosy Kristy Tompo ianareo. Azonao ve izany? Raha Kristiana iray ianareo, dia avia. Raha tsy izany ianareo, dia aza manao an'izany. Jereo.

> *Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany, dia aoka izy hihinana* ny *mofo, sy hisotro*. . . ny *kapoaka.*
>
> *Fa*. . . (andininy faha-29) *Fa izay mihinana sy misotro amin'ny tsy fahamendrehana, dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenany, raha tsy mamantatra ny tenan'ny Tompo.*
>
> *Ary noho izany dia maro no* marary *sy* marofy *eo anivonareo,*. . . *maro no nodimandry.*
>
> *Fa*. . . *isika* tokony *hitsara ny tenantsika, fa tsy tokony hotsaraina isika.*
>
> *Fa raha tsaraina isika, dia faizan'ny Tompo, mba tsy hohelohina miaraka amin'izao tontolo izao.*

167 Rehefa mihinana an'ity mofo ity isika ary misotro amin'ity kapoaka ity, dia aoka handinika ny tenantsika isika, ka hanao hoe, "Ankehitriny, mandeha mendrika ve aho?" Eny, tsy mandeha mendrika aho, tsia. Fa Kristy, ato anatiko, no manao ahy handeha mendrika. Tiako Izy. Mijoro vavolombelona ny Aminy aho. Tsy tanteraka aho; tsy ho tanteraka mihitsy, eto amin'ity izao tontolo izao ity. Tsy tanteraka ianareo; tsy ho tanteraka mihitsy. Fa ny fitiavako Azy, ary Izy no mamela ahy hiaina ho Azy, ary tiako ny manao an'izany sy mijoro vavolombelona ny Aminy. Tsy mivoaka aho ary mikoràna, sy manao zavatra ratsy, izay mitondra henatra ho an'Ny Anarany.

168 Satria, raha hitako fa manao zavatra iray aho, amin'izay fotoana izay dia faizin'ny Tompo aho. Nahoana Andriamanitra no manao an'izany? "Mba tsy ho voaheloka miaraka amin'izao tontolo izao isika."

169 Ankehitriny, misy fahasamihafana lehibe eo amin'ny mpino sy ny tsi-mpino. Manao fahasamihafana iray Andriamanitra.

170 Tsarovy, ireo mpino tany Egypta dia tao anatiny daholo, (Teo ambanin'ny inona?) teo ambanin'ny rà. Novonoina ilay zanak'ondry. Ary ny ràny, niaraka tamin'ny hysopa, dia nafafy teo amin'ny varavarana. Jereo hoe taiza no nametrahana

an'izany. "Eo amin'ny tataom-baravarana," izany ilay tokonam-baravarana eto, ilay tapa-baravarana. "Ny tataom-baravarana, ary eo amin'ny tolanam-baravarana." Jereo hoe inona izany? Ny hazo fijaliana, an-jatony taona talohan'ny nahatongavan'ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra ka novonoina. Fa ilay tandindon'ny Zanak'ondry, dia napetraka teo amin'ny tataom-baravarana sy teo amin'ny varavarana. Ary ny Isiraelita tsirairay, izay tonga teo ambanin'io rà io, dia noraràna tsy hivoaka intsony. Eo ianareo izao, noraràna tsy hivoaka. Teo ambanin'ny rà izy ireo. Tsy afaka nandeha izy ireo raha tsy tonga ny baiko handehanana, baiko handrosoana; tandindon'i Kristy.

171 "Indray mandeha, satria tamin'ny Fanatitra anankiray, no Nanatanterahany, mandrakizay, an'ireo izay nohamasinina tao amin'i Kristy Jesosy; indray mandeha, ho an'ny rehetra." Tsy miverina intsony, tsy mandeha amin'*ity* intsony, tsy manao an'*itsy* intsony. Oh, hiverin-dàlana ianareo, hanao zavatra izay ratsy; mibebaha fotsiny dia tongava. Hitanareo? Fa vao amasinin'i Kristy indray mandeha ny fanahin'olombelona iray, amin'ny famenoana azy amin'ny Fanahy Masina, dia tanteraka mandrakizay izany. Eo ianareo izao, tsy misy faniriana hivoaka intsony. "Fa ny mpivavaka, vao nodiovina indray mandeha dia tsy manana *fieritreretana* intsony," na, "faniriana," no fandikan-teny marina. "Ny mpivavaka, vao nodiovina indray mandeha!" Oh, maniry aho ny ahafahako handentika an'izany lalina mihitsy. "Ny mpivavaka," ny mpino, "vao nodiovina indray mandeha, dia tsy manana fanirian'ny fahotana intsony, mihitsy." Voalamina mandrakizay! "Satria Izy no nanamasina, tamin'ny alàlan'ny Fanatitra anankiray, mandrakizay, an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy." Lasa maty izao tontolo izao, tsy miraharaha azy intsony ianareo. Ny fitiavanareo dia miorina amin'ireo zavatra any Ambony.

172 Ankehitriny, raha milaza ianareo fa Kristiana iray, nefa mbola miaina arak'izao tontolo izao, amin'izay fotoana izay dia faizin'ny Tompo ianareo, satria tsy tokony ho voaheloka miaraka amin'izao tontolo izao. "Noho izany, rehefa miangona ianareo . . ."

> *Noho izany, ry rahalahy, rehefa miangona hihinana* ianareo, *dia andraso* ny hafa. (Diniho.)
>
> *Ary raha misy olona noana, aoka izy hihinana any an-trano; mba tsy hiangona*nareo *ho fanamelohana. Ary ny sisa . . .* Izaho no *handamina rehefa tonga aho.*

173 Mariho i Paoly eto. Ireo Korintiana ireo, tsy azon'izy ireo izany. Nandeha teo izy ireo, ary nihinana sy lasa mamo teo amin'ny latabatry ny Tompo. Ary mihinana sy misotro izy ireo, nanao ny zavatra rehetra tsy nety. Hoy i Paoly hoe, "Raha miangona ianareo, raha noana ny olona iray, aoka izy hihinana

any an-trano. Fa rehefa miangona ianareo, dia andraso ny hafa." Amin'ny teny hafa, "Mifampiandrasa."

Hoy ianareo hoe, "Ankehitriny, misy rahalahy iray izay heveriko fa tsy tokony handray ny fandraisana." Eny, aza mihazakazaka eo ka mamoaka azy; manàna faharetana aminy. Rehefa tapitra ny fotoana, amin'ny fomba tsara fanahy, mandehana mankany an-tranony indray hariva ary mipetraha, manaova hoe, "Rahalahy, izaho. . .Mamelà ahy raha diso aho. Fa nahita anao aho teto, indray andro, teo an-dàlambe, mamo," na inona na inona nataony, "niaraka tamin'ny ramatoa hafa iray izay tsy vadinao, nefa mandray ny fandraisana ianao. Tiako ianao, rahalahy. Ndao—ndao izaho sy ianao hivavaka mikasika an'izany zavatra izany ary hanitsy an'izany." Hitanareo? Mifampiandrasa. Aoka hifanompo. Aoka tsy ho goavana kokoa noho ny olon-kafa. Miezaha hahita hoe ahoana no ahafahanareo ho kely.

174 Matetika aho no nandre, nanao hoe, "Aza goavana mihitsy eo imasonareo manokana." Raha goavana ianareo, dia aoka ho eo imason'Andriamanitra izany. Aoka ho kely eo imasonareo manokana. Ny olona rehetra izay manetry ny tenany, no hasandratr'Andriamanitra. Fa ireo izay manandratra ny tenany, no haetrin'Andriamanitra. Hitanareo? Aoka ho kely.

175 Hoy ity lehilahy ity hoe, "Eny, izy dia . . ."

"Eny, fantatro fa izaho. . .rahalahiko izy. Tiako ny ho mpanompony, hitanareo." Aoka hifanompo. Mifankatiava, amin'ny fomba izay, oh, oadray, mba ianareo—ianareo . . .

176 Nihira hira kely iray isika taloha. Tsy fantatro raha tsaroanareo izany ankehitriny. Nihira isika hoe:

> Isaorana anie ilay tady izay mamatotra
> Ny fontsika amin'ny fitiavana Kristiana;
> Ny fiombonan'ny fisainam-pihavanana
> Dia tahaka an'ilay any Ambony.
>
> Rehefa misaraka isika,
> Dia manome antsika fanaintainana ao anaty izany;
> Fa mbola hifandray ao am-po foana isika,
> Ary manantena ny hihaona indray.

177 Rehefa nitsangana tany aho tao amin'ireo fasana ambanin'ny tanin'i Sant'Angelo, ary nijery nandry teo, lava, saiky maily iray, ambanin'ny tany, ireo fasana, izay tsy maintsy nandevenan'izy ireo ny matiny. Ary teo amin'ny zorony mihitsy no nisy an'ireo fasana bitika kely, izay nisy an'ireo ankizy, izay nametrahan'izy ireo an'ireo ankizy teo amin'ny zorony. Ary nisy fiangonana kely iray tao, izay tsy maintsy niafenan'izy ireo.

178 Nidina tao anatin'ilay katedraly Romana tranainy aho izay nandorany azy ireo teo amin'ny tsato-kazo, namahana azy ireo

ho an'ny liona. Nandeha teo afovoan'io toerana io aho, ary nitsangana teo. Nijery ny manodidina aho. Tsy mbola nahita an'izany aho. Ny loto rehetra izay nilatsaka tao; ary teo ireo toerana lehibe izay nivoahan'ireo liona. Nandeha teo amin'izay noheveriko fa angamba nisy an'ilay lavaky ny liona mihitsy aho, izay nahafatesan'ireo Kristiana. Natsangako ny tànako; nitsangana teo. Hoy aho hoe, "O Jesosy, tena zava-boahary iray tsy mendrika aho, ny mieritreritra fa ireo rahalahiko dia nanisy tombokase ny fanambarany teto, tamin'ny alàlan'ny vavan'ny liona, sy ny sisa, nohon'ny amin'i Jesosy Kristy."

179 Sendra nitsangana aho, ary nijery tao aoriako, ary nisy olona nanangana an'ilay hazo fijaliana mafy tranainy, nitsangana teo. Nanomboka misamonomonona tao am-poko aho hoe, "Teo amin'ny havoana lavitra iray no nitsanganan'ny hazo fijaliana mafy tranainy iray, mariky ny fijaliana sy henatra."

180 Ahoana ny amin'ireo olona nanerana an'ireo taona; izao tontolo izao dia tondraky ny ràn'ny Tompo. . .ireo maritiora an'i Jesosy Kristy Tompo. Nieritreritra aho hoe, "Zavatra kely, tranainy toy ny inona isika." Mieritreritra ny hanao dia misionera kely, angamba tsy maintsy hiaritra fanenjehana kely, mihomehy anareo ny olona. Lasa baolina iray aho, ka—ka mandaka ahy betsaka manerana ny olona. Tsy manao fahasamihafana mihitsy izany. Nandaka lehilahy teo anatrehako izy ireo. Nanao zavatra tahaka an'izany izy ireo, ary niantso an'*ity, itsy,* na ny *hafa*. Manana Filazantsara iray ho toriana aho; manana Tompo iray izay tiako aho; manana tanjona iray ho tratrarina aho. Ary rehefa tonga amin'ny faran'ny làlana aho, dia tiako ny ho tonga, miaraka amin'ny tsirairay avy aminareo, milaza an'ity hoe, "Efa niady ny ady tsara aho."

181 Indray hariva any, tsy isalasalana, hitsangana eo amin'ny polipitra aho, rehefa hivadika hatsatra ny tarehiko, hihidy ireo molotro, ary izaho dia. . .Naniry foana aho ny handeha avy eto amin'ny polipitra tahaka an'izany, mody mankany amin'ny Voninahitra. Indray andro any, dia hitory ny toriteniko farany aho. Hanao ny antsoko eo amin'ny alitara farany aho. Hivavaka ho an'ilay olona marary farany aho. Te-ho faty miaraka amin'ny Baiboly iray eto an-tànako aho, miantso ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Miady ady tsara iray; mahavita an'ilay fihazakazahana.

182 Ry rahalahy sy anabavy malalako, na inona na inona misy, raha misy zavatra eo amin'ny fiainanareo, mifanohitra amin'i Kristy, dia ndao isika hiaiky an'izany, manatòna eto ankehitriny ka raiso ny sakafo harivan'ny Tompo; manakambana ny fontsika miaraka ho toy ny firaisana iray an'ny finoana Kristiana, mba hampahafantatra an'i Jesosy Tompontsika fa tia Azy amin'ny fontsika rehetra isika. Hanao an'izany ve ianareo ankehitriny raha mitendry isika? (Ary, Teddy, raha sitrakao. . .)

183 Heveriko fa tonga araka ny fizarana izy ireo. Marina ve izany, rahalahy? [Hoy Rahalahy Neville hoe, “Eny.”—Mpand.] Ankehitriny raha handroso ireo loholona ankehitriny mba hanampy anay, ka hitsangana eto. Ary aiza no anombohanareo, ilany aiza, Rahalahy Neville, *ity* ilany ity? [Mamaly Rahalahy Neville.] Eny àry. Ireto rahalahy ireto ankehitriny, manana rafitra iray izy ireo eto, ny amin’ny hoe ahoana no tsy tokony hanatonantsika rehetra indray mandeha.

184 Ary ankehitriny dia tongava ianareo ka mandraisa ny fandraisana miaraka aminay. Ho faly izahay ny hihinananareo an’ity sakafo hariva ity miaraka aminay. [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

185 Azoko antoka fa afaka milaza isika rehetra, izao hariva izao, hoe faly isika fa Kristiana. Ilay hetsika izay vao avy nataontsika, dia saiky roa arivo taona. Talohan’ny nandehanan’i Jesosy Tompontsika, dia nandidy antsika Izy mba hanao an’izao, ary hanao an’izany mandra-Piveriny indray. Ary Nomeny antsika ny antoky Ny Teniny Manokana, izay tsy mety diso, tsy mety diso mihitsy. Hoy Izy hoe, “Izay mihinana ny Nofoko sy misotro Ny Ràko no manana Fiainana mandrakizay, ary Izaho hanangana azy amin’ny Andro farany,” Masindahy Jaona ny toko faha-6.

186 Izany dia manome ahy tena fanantenana iray, rehefa avy nahita an’ireo fivavahana sandok’izao tontolo izao; fanompoana masoandro, sy fanompoana sampy, ary ireo fiheverany rehetra mikasika vatana iray ivelan’ny voajanahary. Saingy, kanefa, jereo ity Teny ity, tsy mety diso toy ny ahoana Izy! Ary ilay Anankiray Izay nanaporofo Azy ho tsy mety diso, no nanome antsika an’ity Fampanantenany Masina ity, hoe Izy no hanangana antsika amin’ny Andro farany.

187 Ankehitriny, ho an’ireo vahiny ato amin’ny vavahadinay, dia misy amboniny kely kokoa amin’ity noho izay vao nataonay. Hamaky an’izany aho, aloha, ho anareo, avy ao amin’ny Baiboly, ao amin’ny Masindahy Jaona ny toko faha-13, andininy faha-2, manomboka.

> *Ary rehefa tapitra ny sakafo hariva, ny devoly* dia . . . *nametraka* tao *am-pon’i Jodasy Iskariota, zanak’i Simona, mba hamadika azy;*
>
> *Jesosy nahafantatra . . . ny Ray efa* nanolotra *ny zavatra rehetra* ho *eo* an-tànany, . . . *fa avy tamin’Andriamanitra izy, ary nankany amin’Andriamanitra;*
>
> *Izy* nitsangana *niala teo amin’*ny *sakafo hariva, . . . nametraka ny lambany; ary naka lamba famaohana, dia nampisikina ny tenany.*
>
> *Taorian’izany izy dia* nampidina *rano tao anatin’ny tavy iray, ka* nanomboka *nanasa ny tongotry ny*

*mpianatra, ary namafa azy ireo tamin'ny lamba famaohana izay nisikinany.*

*Dia nankeo amin'i Simona Petera izy: . . . Petera* nanao *taminy hoe, Tompo, ianao ve hanasa ny tongotro?*

*Jesosy namaly ka nanao taminy hoe, Izay ataoko* ankehitriny *dia tsy fantatrao . . .; fa* ho *fantatrao rahatrizay.*

*Petera* nanao *taminy hoe, Ianao* tsy *hanasa ny tongotro mihitsy. Jesosy namaly azy hoe, Raha tsy hosasako ianao, dia tsy* manana *anjara amiko ianao.*

*Simona Petera* nanao *taminy hoe, Tompo, tsy ny tongotro ihany, fa . . . ny tànako sy . . . lohako.*

*Jesosy* nanao *taminy* hoe, *Izay efa voasasa, tsy* mila ho sasana . . . *afa-tsy* ny *hanasa ny tongony, fa efa madio avokoa: . . . madio ianareo, nefa tsy ny rehetra.*

*Fa fantany izay hamadika azy;* koa izany no nilazany hoe, *Tsy madio ianareo rehetra.*

*Ary rehefa voasasany ny tongotr'izy ireo, dia nandray ny fitafiany, ary . . . nipetraka indray, ka hoy izy tamin'izy ireo hoe, Fantatra*reo *ve izay nataoko* tami*nareo?*

Ianareo *miantso ahy hoe Mpampianatra sy Tompo: ary milaza tsara* ianareo*; satria izany tokoa aho.*

*Koa raha izaho, Tompo sy Mpampianatra anareo, no nanasa ny tongotrareo;* ianareo . . . *tokony hifanasa tongotra.*

*Fa ohatra no nomeko anareo, mba hanaova*nareo *arak'izay nataoko tami*nareo.

. . . *sambatra ianareo raha* fantatrareo ireo zavatra ireo ka *manao azy ireo.*

188 Efa baiko iray an'ny tabernakla eto izany, nandritry ny—ny fotoana roapolo taona mahery nisiany, izay nampiharanay foana ny fanasan-tongotra iray. Ny olona Batista no nampihatra an'izany talohan'ny Pentekosta; ny Pentekosta dia naka an'izany tamin'ireo androny voalohany; avy eo dia nanohy nampihatra an'izany. Noho izany izahay dia, izao hariva izao, mitandrina an'izany baiko izany tahaka ny isan'andro.

189 Manana efitra iray izahay, eto, antsoina hoe efitra fivavahana. Ireo ramatoa dia miditra ao amin'izany, mba hitandrina an'io didy lehibe izay navelan'Andriamanitra antsika io.

190 Ary ireo lehilahy dia miditra ao amin'ny efitra, ho an'ny vavaka . . . eto amin'ity birao *eto* ity, biraon'ny diakona. Ary mitandrina ny fanasan-tongotra izahay.

191 Ary ianareo, ny vahiny, miaraka aminay izao hariva izao, tsy vahiny, fa mpiray tanindrazan'ny Fanjakana, raha mbola tsy nitandrina an'izany mihitsy ianareo, na lehilahy na vehivavy, dia mangataka anareo am-pitiavana izahay ary manasa anareo ho tonga hikambana amin'ity fiombonana ity miaraka aminay. Ary raha mbola tsy nanao an'izany mihitsy ianareo tany aloha, dia ho faly izahay ny hanana ny fiombonanareo izao hariva izao, ho an'ny fotoanareo voalohany, miaraka aminay. Kanefa, raha tsy mahatsapa ianao hoe maniry ny hanao an'izany, misy zavatra mamporisika anareo handeha hody izao ankehitriny izao, na zavatra iray, dia tianay ny milaza fa faly izahay fa teto ianareo niaraka taminay izao hariva izao.

192 Somary miala tsiny aho fa nanapaka ny toriteniko, sy ny sisa, ny fomba nataoko, tsy dia mpitory teny loatra aho, eo am-panombohana, ary avy eo dia tonga somary tsy nampoizina ilay izy, izany no manao an'ilay izy somary sarotra ho ahy. Any aoriana kely, angamba, dia hanampy ahy amin'ireo zavatra ireo ny Tompo.

193 Ary angamba rehefa niverina avy any andrefana. . . Manantena aho fa hanome ahy fitsaharana tsara ny Tompo any, mba ahafahako miverina indray, ary angamba izaho sy Rahalahy Neville dia hanao fifohazana tsara iray amin'ny fanao fahiny eto mandritry ny hariva vitsivitsy, mikasika ny fampianarana ny Teny.

194 Misy olona iray, vao avy nihaona tamiko androany, te-hatao batisa any amin'ny renirano. Faly aho ny hanao batisa ny olona rehetra, any amin'ny toerana rehetra. Mety tsara izany. Ankehitriny, izahay dia . . .

195 Tongasoa eto amin'ny Branham Tabernacle foana ianareo. Tsy anaram-piangonana iray izahay. Tsy manohitra an'ireo anaram-piangonana izahay, fa tsy ara-anaram-piangonana fotsiny izahay. Noho izany, dia tongasoa foana ianareo. Tsy manana mpikambana izahay eto. Manana fifampiombonana fotsiny izahay, raha mbola, "Ny Ràn'i Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, no manadio antsika amin'ny—amin'ny tsy fahamarinana rehetra."

196 Ary mandra-pihaonantsika indray, dia enga anie ny fiadanana sy ny fahasoavan'Andriamanitra ho amin'ny tsirairay avy aminareo. Mivavaka aho mba hanesoran'Andriamanitra ny aretina eo afovoanareo, ka hanome anareo dia tsara, voaaro hody izao hariva izao, fahasalamana tsara sy hery, manantena ny hihaona aminareo eto amin'ny Alarobia hariva.

197 Mandra-pahatongan'izany, dia homba anareo anie ny Fahasoavany, raha mbola mitsangana isika raha sitrakareo. (Pasitera, ataovy. . .) Ny pasitera eto, Rahalahy Neville, dia hampirava amin'ny tonom-bavaka iray.

54-1003E Taon-Jobily
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org